# Gazetiko 25 TAONA 3
## FIFANINANANA TONONKALO - HISY LOKA HOZARAINA

RAHARAHA LOZA AN-DRANOMASINA - AMBILOBE 4
# OLONA 15 NAIDITRA AMPONJA VONJIMAIKA

MARINA IZANY ! 5
## HO SAROTRA...!

MANOMBOBE-ANDOHAN'ILAKAKA 15
## OMBY 23 MATY
## NILATSAHAM-BARATRA

Gazetiko
www.gazetiko.mg

GAZETIKO 25 TAONA
## VAVOLOMBELON'NY TANTARA
7 8 9 10

Laharana 7527 Taona faha-24 Vidiny: 500 Ariary Gazety mivoaka isan'andro Alarobia 22 martsa 2023

"ASSOCIATION DES ARTISTES SPORTIFS" 11
## NAMPIRAY NY MPANAKANTO I SOA ROVA SY FANDRAMA



FIAINAM-PIRENENA 5
# NIHANALEMY IREO ANTOKO NATANJAKA REHEFA TSY EO AMIN'NY FITONDRANA INTSONY

TAKSY MOTO - ANTANANARIVO RENIVOHITRA 12



# "MBOLA TSY AFAKA MIASA ARA-DALANA", HOY NY TALEN'NY KABINETRAN'NY KAOMININA

Fantina 6
## NY VOALOBOKA SY NY SOA ENTINY

TAOMBAOVAO MALAGASY MAHAMASINA 3
## NAKOTROKA NY FETY





**HOTSAKOTSAKOINA**

"Tombon'andro vaovao no nomena ahy sy ianao hanararaotana indray ny fifandraisana amin'ny Ray. "

**Ny Vetso**

(" En te levant le matin, rappelle-toi combien précieux est le privilège de vivre, de respirer, d'être heureux." Marc Aurèle/Ancien Empereur)

Andro iraisam-pirenena - Poezia

# Nomarihina tamin'ny fomba miavaka tetsy Anosy

*Manan-karena poeta ny firenena Malagasy, ary ny poezia no anisan'ireo literatiora be mpiangaly indrindra raha ny eto Madagasikara*



**Lova ho an'ny taranaka ny boky ka rariny raha homen-danja ny mpanoratra.**

Andro lehibe ho an'ny mpanao poezia maneran-tany omaly. Samy nakalaza izany avokoa ny firenena rehetra ary anisan'izany isika eto Madagasiakara, izay natao tetsy amin'ny Tranombokim-pirenena Malagasy tetsy Anosy. "Manan-karena poeta ny firenena malagasy, ary ny poezia no anisan'ireo literatiora be mpiangaly indrindra raha ny eto Madagasikara", hoy ny minisitry ny Serasera sy ny Kolontsaina, Lalatiana Andriantongarivo, tao anatin' ny lahateniny nandritra ny fankalazana ny andro maneran-tany ho an'ny poezia androany.

Amin'ny maha andron'ny poezia azy moa dia nisy ny famakiana poezia izay nandraisan'ny mpanoratra malagasy anjara. Samy nanana ny nampiavaka azy ireo poeta dimy nandray anjara ka anisan'izany ny an'ny zanaky Rado Andriamanantena ka ilay "Matoky ry fahafahana" nosoratan'i Rado no noventesiny.

**Lova ho an'ny taranaka**

Fa anisan'ny nanamarika ity fankalazana ny andro iraisam-pirenena ho an'ny poezia omaly ity ihany koa ny ny famoahana tamin'ny fomba ofisialy ireo boky natontan'ny minisitera natolotra ho an'ireo mpifaninana mendrika tamin'ny fifaninanam-pirenana momba ny literatiora nandritra ny volan'ny teny Malagasy, ny volana jona 2022. Fampanantenana nataon'ny Minsiteran'ny Serasera sy ny Kolontsina izy io, nilazany fa ankoatra ny loka maro samihafa dia loka goavana ho an'ireo mpandresy isaky ny sokajy ny fanontan'ny MSK ny sanganasany. Misy sokajy 3 izy ireo dia ny sokajy Amboaran-tononkalo sy sombin-tantara ary tantara foronina. Nanatanteraka ny toky nomeny ny minsiteran'ny serasera sy kolontsaina ka omaly no nizarana ireo boky ireo. Teo amin'ny sokajy Amboaran-tononkalo, ny asa soratr'i Andry Elrà milohateny hoe « Bitsiky ny Vitsika » no nahazo ny laharana voalohany. Ny asa soratr'i Ny Rovako Randriamanalina tamin'ny boky « Ody Faty » kosa ny teo amin'ny sokajy taratara foronina ary ny « Nofy Ratsy.....Nofy Tsara » nosoratan'Andianimerina Hobiana kosa ny teo amin'ny Sombintantara. Izany no natao dia mba ho tsangambaton'ny literatiora ary indrindra ho lova ho an'ny taranaka.

**Eo foana ny Minsitera**

Nilaza moa ny Minsitera fa vonona hatrany hanohana, hanosika ireo mpikanto, mpanoratra, mpiangaly ny asa soratra malagasy amin'ny alalan'ireo fandaharanasa samihafa efa napetraka hatramin'izay. Nanao laharam-pahamehana hatrany ny fampiroboroboana ny literatiora ary tafiditra tao anatin'izany ny poezia. Tao anatin'ny 4 taona izay, ny minisitera dia nametraka ny teny Malagasy sy ny literatiora ho isan'ny laharam-pahamehana ao anatin'ny politikam-pirenena ara-kolontsaina tamin'ny alalan'ny fandaharan'asa sy hetsika samihafa manerana ny Nosy. Tonga nanatrika sy nanome voninahitra ity fotoana omaly ity moa ny depioté Tsiliva izay filohan'ny vaomieran'ny kolontsaina eo anivon'ny Antenimieram-pirenena., ny avy amin'ny mpikanto teny sy soratra, sy olo-manakaja maro.

**Tiaray R**

**MINISITERAN'NY FANABEAZAM-PIRENENA**

**FOIBEM-PITONDRANA MISAHANA NY FAMPIOFANANA ARA-PEDAGOJIA (DFP)**

***Foibem-pitondrana misahana ny fampiofanana ara-pedagojia (DFP) eo anivon'ny Minisiteran'ny Fanabeazam-pirenena : Tsy mitsahatra mitady paikady ho fampiakarana ny kalitaon'ny fanabeazana sy ny fampianarana eto Madagasikara***



Anisan'ny manatanteraka asa hamolavolàna ny paikady entina manatsara ny fanabeazana eto Madagasikara ny Foibem-pitondrana misahana ny fampiofanana ara-pedagojia (DFP) eo anivon'ny Minisiteran'ny Fanabeazam-pirenena. Tanjona amin'izany ny fampiakarana ny kalitaon'ny fanabeazana sy ny fampianarana eto Madagasikara. Ny mpampianatra no andry iankinan'ny fampianarana ary ny fampiofanana azy ireo no mamaritrany kalitaon'ny fanabeazana tanterahiny. Mba hahafahana manantanteraka izany dia nisy ny fijerena manokana ireo lalam-piofanana hizoran'ny mpampianatra mialohan'ny handraisan'izy ireo ny asany eny anivon'ny toeram-pampianarana sy ny sekoly izay niarahana tamin'ny famatsian'ny teti-bola iombonana ho an'ny fanabeazana na "Fonds Commun de l'Education" (FCE). Ny lalam-piofanana tamin'ireo toeram-panofanana mpampianatra eny amin'ny ambaratonga fototra sy ny kolejy izay sahanin'ny Fanjakana no voakasik'izany.

Nandritry ny roa volana (22 Aogositra 2023 ka hatramin'ny 03 oktobra 2023) dia nisy ny fidinana ifotony teny anivon'ireo Ivon-toeram-piofanana rezionaly ara-pedagojia (CRINFP) miisa 28 manerana an'i Madagasikara nataon'ny mpiasa eo anivon'ny Foibem-pitondrana misahana ny fampiofanana ara-pedagojia (DFP) foibe, niaraka tamin'ireo tompon'andraikitry ny sampan-draharaha misahana ny taratasim-panjakana sy ny fampiofanana ara-pedagojia (SFAP) tany an-toerana sy ireo lehiben'ny Ivon-toeram-piofanana rezionaly ara-pedagojia (CRINFP). Tanjona moa ny hanangona ireo antontan'isa mikasika ny lalam-piofanana tanterahina eny anivon'ny ivon-toeram-piofanana rezionaly ara-pedagojia tsirairay avy. Izany no natao dia mba ho entina manatsara ny « dispositifs de formation initiale » efa misy eo am-pelan-tanan'izy ireo, izay omena ireo mpiofana ho mpampianatra eny anivon'ireny toeram-panofanana ireny. Efa hita taratra ny fampidirana tsikelikely ny fandaharam-pampianarana vaovao any anaty votoatim-pampiofanana ho an'ireo mpampianatra ireo. Mba hahafahana manamora ny fandraisana izany dia efa andalam-pandinihana ireo antontan'isa voaangona mba hitondràna hatrany ny fanatsaràna ny kalitao omena ireo mpampiofana ireo ny foibem-pitondrana misahana ny fampiofanana ara-pedagojia mba hisy fiantraikany any amin'ny kalitaon'ny fampianarana.

G CL 406/31-7

Fankalazana ny taombaovao malagasy

# Nakotrokotroka ny fety tetsy Mahamasina, mbola hitohy amin'ny hira gasy anio

*Ny hariva tamin'ny 7 ora sy sasany teo, no nitondra ny afo tsy maty ny olona rehetra niodidina an'i Mahamasina.*

Nakotrokotroka ny fankalazana ny taombavao malagasy tetsy amin'ny kianjan'ny kanto Mahamasina, natao omaly ary hitohy anio, izay karakarain'ireo mpandala ny fomba malagasy mikambana ao amin'ny Hadivory fito sosona misy Famato izay tarihan'ny Ankoay Mikolohasina. "Ny fenohasina tsy tery lalana." Io no lohahevitra noraisina tamin'ity taona ity. Noezahina hatrany ho fotoana iray hampisongadinana ny maha malagasy mihitsy moa ity fotoana ity ka saika hita tao avokoa ireo kolontsaina malagasy. Fotoam-pivavahana no nanombohana ny fotoana ary taorian'izay ny fandraisam-pitenenana samihafa naharenesana kabary, izay vakoka iray mampiava antsika. Avy eo dia nanao tohivakana ireo fanentanana maro nandraisan' ireo mpanakanto mivondrona ao amin'ny VAM, na ny Vondron'ny Artista Mandala ny maha Malagasy, anjara. Nanokatra ny seho ny mpanao vako-drazana Razakason Fenoarivo. Taorian'izay ny feon' Analamanga. Ny tarika Rossy ihany koa dia anisan'ny nanafana izao lanonan-dehibe izao. Ny hariva tamin' ny 7 ora sy sasany teo, no nitondra ny afo tsy maty ny olona rehetra niodidina an'i Mahamasina. Tamin'ny 12 ora alina kosa dia nisy ny afomanga lehibe mba ho mariky ny taom-baovao. Nitohy mandra-maraina moa ny lanonana ary dia ny hiragasy kosa no hatao anio entina mamarana ny lanonana fankalazana. Ny hiragasy moa dia kolontsaina iray tena mampiavaka antsika ka izay no nanaovana azy amin' izao fotoana-dehibe izao. Marihina moa fa maro be ny olona tonga nanatrika izao lanonana izao. Raha araka ny filazan'ny mpikarakara aza dia nitombo hatrany ny mpanatrika izany ka tena mahavelom-bolo tokoa, hoy izy, satria dia marika izany fa mbola mangetaheta ny maha Malagasy antsika isika. Tsara moa ny manamarika fa talohanan'izao fankalazana izao dia efa nisy ny fizarana ny afo tsy maty sy ny fidiovana ho an'ny rehetra ary dia maro be koa ireo nilahatra mba haka izany. Zavatra anisan'ny tena mahafaly ihany koa izany, hoy izy. Anisan'ny mahafaly koa hoy izy, dia na ny Malagasy mipetraka any ampitan-dranomasina koa aza dia miara-mankalaza izao amintsika eto ihany koa. Miara-paly amin'izao koa ireo any amin'ny faritra Nosy Varika sy ny maro hafa.

**Tanya.R**

Ivontoerana Miangaly Tsimbazaza

# Sehatra iray hivoizana sy hifampizarana tontolo ara-kolontsaina

« *Ivontoerana hahafahana mianoka anaty tontolo ara-kolontsaina* ». Izay no misongadina voalohany raha vao miresaka ny Ivontoerana Miangaly ao Tsimbazaza. Niorina tamin'ny taona 2022 izy io, saingy tamin'ity taona 2023 ity vao nisokatra ny hetsika ara-kolontsaina rehetra tao anatiny. Toerana natao hampiroboroboana ny kolontsaina rehetra misy eto ambonin'ny tany izy io, indrindra ho an'ny tanora sy ny zaza Malagasy, araka ny fanazavan'ny tomponandraikitra. Araka izany, mivelatra amin'ny sehatra maro loko ny ivontoerana, ao anatin' izany ny fampianarana ireo karazan-dalaon-tsaina, toy ny fanorona, ny fampianarana dihy isan-karazany, ny famelarabelaran-kevitra mifototra amin'ny kolontsaina sy ny maro hafa. « *Resy lahatra izahay fa ny kolontsaina sy ny fanabeazana no tokony himasoana raha te hampandroso ny firenena. Manana ho avy matanjaka ara-tsaina ny firenena rehefa miroborobo ny kolontsaina sy ny fanabeazana ny tanora sy ny ankizy* », hoy Atoa Antsanirina Rakotoarimino, tomponandraikitra voalohany ao amin'ny Ivontoerana Miangaly.



**Sombiny amin'ny hetsika hita ao an-toerana.**

**Safidy**

Antony maromaro no voalaza fanananganana ny Ivontoerana eo Tsimbazaza, araka ny nambaran'Atoa Antsanirina. Voalohany, te hanakaiky ny tanora izy ireo, ka somary nihataka kely ny ivon'ny tanan-dehibe. Mivangongo eo amin'ny faritry ny ivon'ny tanan-dehibe, izany hoe Analakely sy ny manodidina avokoa ireo ivontoerana misahana ny kolontsaina eto amintsika : Ifm, Cgm, Ivokolo, Ikm, Tahala Rarihasina sy ny maro hafa. Iaraha-mahalala anefa ny fitohanan'ny fiara amin'iny faritra iny sy ny fahamaroan'ny olona mivezivezy, ka nofidiana ny eny Tsimbazaza. Faharoa, ny toerana dia natao hampiroboroboana ny kolontsaina ary mivelatra amin'ny rehetra fa tsy Malagasy fotsiny. Anisan'ireny ny sehatra hoe « Ndao resahina », izay famelabelarana amin'ny teny malagasy na teny anglisy na teny frantsay izay manavanana ny mpandray anjara. Amin'ny zoma izao dia hiresaka momba ny mozika i Fitahiana Rasendrahasina. Tamin'ny 24 febroary lasa teo ny profesora Bruno Rajaonarison no niakatsehatra tao an-toerana. Amin'ny volana aprily, dia mpahay filozofia Atoa Jean Freddy Randrianasolo indray no hamelabelatra momba ny fahasambarana ao an-toerana.

**Fy**

## Gazetiko 25 taona

## FIFANINANANA TONONKALO

### FITSIPIKY NY FIFANINANANA

***Feno 25 taona katroka amin'ny 7 aprily 2023 ho avy izao ny GAZETIKO. Noho izany jobily volafotsy izany, dia misy ny "Fifaninanana tononkalo".***

Toy izao ny fitsipiky ny fifaninanana :

***And. 1 :*** Misokatra amin'ny mpamaky rehetra ny fifaninanana, tsy anavahana lahy na vavy, tsy anavahana taona. Tsy mahazo mandray anjara ny mpiasa sy ny vady aman-janany ato amin'ny Vondrona Midi Madagasikara izay misy ny Gazetiko.

***And.2 :*** Amin'ny teny Malagasy ny tononkalo izay hisy andininy roa, tsy hihoatra ny andalana valo. Lohahevitra : "Gazetiko 25 taona".

***And.3 :*** Hisy dingana roa ny fifaninanana. Ny voalohany hifantenana izay 10 (folo) tsara indrindra. Ny faharoa indray kosa, ianareo mpamaky no hifidy izay 5 (dimy) tena tsara indrindra amin'ireo.

***And.4 :*** Ny mpanoratra 5 (dimy) sy ny mpamaky 5 (dimy) mendrika indrindra samy hahazo loka. Toy izao ny fitsinjarana izany :

| Ho an'ny mpanoratra : | | Ho an'ny mpamaky: | |
|---|---|---|---|
| Voalohany: | 500.000 ariary | Voalohany : | 250 000 ariary |
| Faharoa : | 400.000 ariary | Faharoa : | 200 000 ariary |
| Fahatelo : | 300.000 ariary | Fahatelo : | 150.000 ariary |
| Fahefatra : | 200.000 ariary | Fahefatra : | 100.000 ariary |
| Fahadimy : | 100.000 ariary | Fahadimy : | 50.000 ariary |

***And. 5 :*** Ampiarahana amin'ny takelaka fandraisana anjara izay hetezana eto amin'ny GAZETIKO ny tononkalo hifaninanana. Tsy ekena sy tsy manan-kery ny dika mitovy (photocopie)

***And. 6 :*** Takelaka fandraisana anjara iray, tononkalo iray. Araka izany, afaka mandefa takelaka fandraisana anjara maromaro ny mpandray anjara amin'ny fifaninanana.

***And.7 :*** Aterina aty amin'ny GAZETIKO enceinte Midi Madagasikara Ankorondrano Antananarivo Renivohitra, fara fahatarany **ny sabotsy 25 martsa 2023 hatramin' ny 12 ora antoandro** ny takelaka fandraisana anjara miaraka amin'ny tononkalo ary ny **zoma 7 aprily 2023 hatramin'ny 12 ora antoandro** ny takelaka fandraisana anjara amin'ny fifantenana ireo tononkalo 5 (dimy) tsara indrindra

***And. 8 :*** Ny fandraisana anjara amin'ny fifaninanana dia midika avy hatrany ho fanekena ity fitsipika ity.

## Gazetiko 25 taona

## FIFANINANANA TONONKALO

### TAKELAKA FANDRAISANA ANJARA

Anarana : ..............................................................................................

Fanampin'anarana : ...........................................................................

Adiresy : ..............................................................................................

Laharana finday : ................................................................................

*Aterina aty amin'ny* **Gazetiko** *enceinte* **midimadagasikara** ***Ankorondrano Antananarivo Renivohitra*** *farafahatarany ny* ***SABOTSY 25 MARTSA 2023*** *hatramin'ny* ***12 ora*** *antoandro ity takelaka fandraisana anjara ity miaraka amin'ny tononkalo hifaninana.*

Toamasina

# Jiolahy roa namaky tranombarotra lavon'ny balan'ny polisin'ny Fip

*Mbola hita niparitaka teo ivelan'ny magazay ireo entana halatra tamin'io fotoana io.*

Jiolahy roa no lavon'ny balan'ny polisin'ny Fip ny alin'ny alatsinainy hifoha talata lasa teo tokony ho tamin'ny 12 ora sy sasany, tany Toamasina. Nanao fisafoana ny polisy tany an-toerana tamin'io alina io no nisy niantso fa misy efa-dahy mitondra antsy lava lela sy maranitra ary fitaovam-piadiana hafa namaky magazay fivarotana piesy « bonnes occasions » avy any Frantsa. Vantany vao naheno izany ireo mpitandro filaminana dia nandeha tany amin'ilay toerana. Tonga ara-potoana izy ireo tamin'izany ka nifanehatra tamin'ireo jiolahy. Raikitra ny fifampitifirana teo amin'ny roa tonta, satria tsy nanaiky lembenana ireo olon-dratsy ka nitifitra raha vao nahita ireo mpitandro filaminana. Voatery namaly izany ny polisy ka dia izao nahalavo an'ireo jiolahy roa ireo. Tafaporitsaka kosa ireo namany roa lahy hafa. Mbola hita niparitaka teo ivelan'ny magazay ireo entana halatra tamin'io fotoana io. Anisan'izany ny baffles, subwoofer, auto radio ary karazan'entana maro samihafa.



Mbola hita niparitaka teo ivelan'ny magazay ireo entana halatra.

**Nafatotra ny mpiambina**

Nandritra ny fizahana ihany koa no nahitana ireo mpiambina efa nafatotr'ireo jiolahy. Araka ny fanazavana dia notapahin-dry zalahy ny fil barbelés nahafahafan'izy ireo nihanika ny fefy mba hidirana tao amin'ilay toerana nisy ilay tranombarotra. Mpiambina roa lahy an'ilay fivarotana no novantanin'izy ireo vantany vao tafiditra ka nofatorany ireo. Notapahin-dry zalahy avy eo ny "cadenzas" talohan'ny nidirany tao amin'ilay tsena ary navoakan' izy ireo ny entana tao anatiny. Nandritra izany no nisy nahita izy ireo ka io nampandre ny mpitandro filaminana io ary nitarika izao fahafatesan'ny jiolahy izao. Naterina tany amin'ny tranom-paty ireo razana taorian'izay.

T.H

Maintirano

# Vehivavy tokony higadra vonjimaika miriaria ivelan'ny fonja

Namerina nametraka fitoriana tany amin'ny tonia mpampanoa lalana ao amin'ny fitsarana Ambaratonga voalohany ao Maintirano ny raim-pianakaviana iray. Nisy namono ny zanany vavy 24 taona tao amin'ny fokontany Mahabe, kaominina sy distrikan'i Besalampy, ny 17 desambra 2022 lasa teo. Tsatoka antsy indroa teo amin'ny soroka no nanaovana ilay tovovavy ka maty tsy tra-drano teo no ho eo izy. Voasambotra ny nahavanon-doza taorian'izay ary niakatra fampanoavana rehefa vitan'ny zandary famotorana. Nahazo famonjana vonjimaika io olondratsy io, saingy tsy namita sazy akory ankehitriny fa miriria ivelan'ny figadrana tokony hitazomana azy. Izany hoe olona miandry fitsarana no mivoaka sy mipetraka any an-tranon' olona. Toy ny olona tsy nanao heloka bevava akory io olona io amin'izao fotoana izao. Noho izany no nahatonga ny rain'ilay tovovavy namoy ny ainy nitaraina tamin'ny fitsarana ka namerina nitory azy indray.

**Antso avo**

*« Mitaraina ny alaheloko sy ny ranomaso nosotroiko aho tamin'io fahafatesan'ny zanako io. Ny zavatra tena mampalahelo ahy ihany koa dia ilay vehivavy notorianay tao amin'ny tobim-paritra Mahabe. Efa niakatra fampanoavana tany Besalampy izy ka voatazona vonjimaika kanefa ny mahagaga dia tsy any am-ponja akory. Io vehivavy io anefa dia namono ny zanako tamin'ny fomba feno habibiana »*, hoy Rakoto Marcel, rain'ilay namoy ny ainy. Nangataka ny mba hampidirana am-ponja io olona io ho any amin'ny fonjan'Ambararatakely Maintirano ny mpitory. Ankoatra izay dia toriany ihany koa ny mpampiantrano an'ilay vehivavy ity ao Besalampy, izay tazominy ho anisan'ny mpiray tsikombakomba. Manoloana io dia mangataka ny tompon-andraikitry ny fitsarana foibe sy ny any ifotony handray fepetra ity raim-pianakaviana ity ary manao antso avo ihany koa amin'ny mpandraharaha ny fonja any an-toerana.

Ariel D.

Ambilobe - Loza an-dranomasina

# Olona 15 naiditra am-ponja vonjimaika

Taorian'ny fihainoan'ny mpitsara mpanao famotorana an'ireo olona tafiditra tamin'ilay raharaha loza an-dranomasina, sambo rendrika ka nahafatesana olona 32 tao amin'ny fokontany Ankazomborona, kaominina Beramanja, distrikan' Ambilobe dia olona 18 no niakatra fampanoavana, ka 15 no naiditra am-ponja vonjimaika ao Antsiranana. Mbola mety hafindra ihany izy ireo, saingy mbola miandry fandaminana. Ny telo kosa nahazo fahafahana vonjimaika. Raha tsiahivina dia maromaro tamin'ireto niakatra fampanoavana ireto no voarohirohy ho anisan'ny nikarakara ny niray tsikombakomba tamin'ny fampandehanana ireto olona tra-doza nikasa hiondrana an-tsokosoko ho any Mayotte ireto. Ao ihany koa ny ekipa tao anatin'ny sambo ary anisan'ny voasmabotra ny reny mpiahy an'ilay zazavavy kely nandeha irery tao anatin'io sambo tra-doza io.

**Tsy hita i Bema**

Mbola mitohy moa ny fikarohana an'i Bema Ambroise, dit Amboro, sy i Be Suzette. Izy ireto dia ahiahiana ho atidoha nikotrika an'ity fanondranana olona an-tsokosoko ho any Mayotte ity. Tsy hita ny misy azy ireo hatreto koa entanina araka izany izay mahita na manam-baovao momba azy ireo mba hampandre ny mpitandro filaminana na ny manampahefana, hoy ny Zandarimariam-pirenena ao Ambilobe.

Ariel D.

Behoririka

# Vola sandoka 600 000Ar saika hividianana solosaina

Lehilahy iray 25 taona nahatratrarana vola sandoka mitentina 665 000 ariary no voasambotry ny polisy miasa eny Antaninandro ny sabotsy lasa teo tokony ho tamin'ny 6 ora sy sasany, teny Behoririka. Tamin'io andro io dia tovolahy iray no tonga tao amin'ny tranombarotra iray teny an-toerana fa hividy solosaina. Rehefa nanome ny vola vidin'ilay entana tany amin'ilay mpivarotra ralehilahy dia tsikariny fa hafahafa ilay vola nomen'ilay lehilahy azy saika hividianana ilay solosaina. Rehefa nojerena tsara tokoa dia hita fa vola sandoka ity saika nividianana entana ity. Araka ny fanazavana dia solosaina mitentina 600 000 ariary no saika hovidian-dralehilahy tamin'io. Nanoloana izany dia nisy nampandre mikasika ity tranga ity ny polisy ka tonga tany an-toerana ary nosamborina ralehilahy. Fantatra fa vola sandoka amin'ny ravim-bola 20 000 ariary miisa 33 sy ravim-bola sandoka 5 000 ariary iray no hita teny aminy. Efa nentina tany amin'ny biraon'ny polisy izy taorian'izay. Notanana sy natao famotorana tao izy. Efa nogiazana ao amin'ny biraon'ny polisy ihany koa ireo vola sandoka ireo.

T.H

## Manal azy de mimeme





## PETITES ANNONCES Gazetiko

### MIVIDY

* Mme Feno. Mividy kojakoja, fanaka, poketra, kiraro, TV, debara. Tél : 034.22.160.88 / 033.01.764.83. (G-BA 494/20-17)

* Fitaovan-dakozia, fanaka, vy, poketra, kilalao, boky, lamba. Tél : 033.92.035.13 / 034.89.917.62. (G-BA 506/15-6)

* Debara, fanaka, boky, pièces, vy, kilalao, TV, frigo. Rason Jean Jacques. Tél : 034.31.324.79. (G-BA 509/20-1)

### AMIDY

* Tany amidy : Alatsinainy Ambazaha, 300m², 245m², 400m². Prix : 29.000Ar/m². Accé. Tél : 034.48.649.43. (G-BA 500/10-10)

### COURS

* Cours de coiffure accéléré : Isotry ampitan'ny mpivaro-kazo. Tél : 034.39.292.03. (G-BA 505/10-6)

### FAMPIANARANA

* Fampianarana manety lehilahy " coupe homme ". Sarany mirary. Tél : 034.39.292.03. (G-BA 505/10-6)

### SERVICE VIDANGE

* Fosse septique, puisard Makiplast, perdu, wc 101, wc gasy. Tél : 033.21.723.00 / 034.20.084.25. (G-BA 508/15-2)

### SERVICE

* Vidange wc & puisard, construction, plomberie. Tél : 034.19.333.09 / 033.64.965.79. (G-BA 507/12-6)

### VIDANGE

* Vidange wc perdu, fosse septique, bacs à graisse, pompage, puisard, réhabilitation. Tél : 034.16.145.06. (G-BA 477/20-9)

* Vidange fosse avec pompage, puisard Makiplast, wc perdu, réparation. Tél : 034.50.547.47. (G-BA 480/10-8)

* Vidange wc fosse septique et perdu Makiplast, puisard avec pompage. Tél : 038.23.389.80. (G-BA 498/20-18)

Fiainam-pirenena

# Mihamaleny ireo antoko natanjaka rehefa tsy eo amin'ny fitondrana intsony

*Ahiana ho rava sy tsy re feo intsony ihany koa ny antoko eo amin'ny fitondrana amin'izao raha tsy mahazo fahefana intsony any aoriana.*

Isan'ny zavatra mahavarina amin'ny fanaovana politika eto amintsika matetika ny firoboroboan'ny antoko politika iray rehefa mahazo fitondrana ireo mpitarika ao aminy. Ny fahefan'ireo mpitondra araka izany no mamaritra ny tanjaky ny antoko iray eto Madagasikara. Ny zavatra tsikaritra amin'ireo antoko politika eto amintsika, dia ny mifanohitra amin'izany no misy rehefa miala eo amin'ny fitondrana ny mpitarika na ny mpanorina ilay antoko. Mihamalemy avy hatrany ny tanjany rehefa tsy eo amin'ny fitondrana intsony izy ireo. Miseho izany amin'ireo antoko politika maromaro tahaka ny PSD, ny UNDD ary ny MFM. Samy toa tsy tazana loatra izy ireo ankehitriny. Raha sendra hita aza, dia manao karazana fifanaraham-piaraha-miasa amin'ny antoko hafa na vondrona politika vaovao vao miforona. Ny atoko PSD izay naorin'ny filoha teo aloha Philibert Tsiranana fony izy nitantana ny Repoblika voalohany izao, dia zara raha fantatra amin'izao, nefa nanana ny lazany sy tanjany goavana tamin'ny fotoan'andro. Tahaka izany ihany koa ny antoko UNDD notarihan'ny Pr Zafy Albert. Ny hafa toy ny AKFM sy ny Leader Fanilo aza moa tsy hita tabilao mihitsy. Na ny fanaovana Kongresy nasionaly izay takian'ny lalàna tokony hataon'izy ireo aza tsy misy loatra, na misy ihany fa mahalana. Ireo mpikambana moa dia tsy fantatra mazava intsony ny isany fa ireo tena mafana fo sisa no tafajanona ao. Isan'ny ahafahana mandrefy izany ny tsy fananan'izy ireo olomboafidy aorian'ny fifidianana.

**Manao randran-tarihina**

Tsy mijanona amin'ireo antoko voatanisa etsy ambony ireo moa ity toe-javatra ity fa mety manao randran-tarihina amin'ireo antoko hafa mikatroka amin'izao fotoana izao. Manaporofo izany ny fihenan'ny olomboafidy ao aminy sy ny tsy fananany intsony kandidà hatolotra amin'ny fifidianana. Na mbola manana ny maha izy azy sy afaka manao hetsika etsy sy eroa aza, dia azo lazaina fa tafiditra ao anatin'izany ny antoko MMM, ny AVI, AREMA, HVM, ary ny TIM. Ankoatra ny fivakisana mety hiseho sy ny fitsoahana andaharan'ireo mpikambana mantsy, dia hita manomboka mihena ny olomboafidy azon'izy ireo, na eny amin'ny parlemanta izany na eny anivon'ny vondrom-bahoaka itsinjaram-pahefana. Isan'ny vahaolana mampateza ny antoko politika sy mampatanjaka azy ny fananana fotokevitra mazava, sy ny fikolokoloana ny fototra, ary ny fahaiza-mitantana ara-bola.

**JUDD**

Fikaonandoham-pirenena

# Tsy handray anjara ny Miara-manonja tarihin-dry Fidèle R. sy Hanitra R.

Itovian'ireo mpanao politika mpanohitra eo anivon'ny Miara-Manonja, tarihin-dry Fidele Razara Pierre sy ny mpomba ny fitondrana, hevitra ny tsy tokony hirosoana amin'ny fikaonandoham-pirenena hanomanana fifidianana. Omaly dia nantrintanterin'io solombavambahoaka voafidy tamin'ny anaran'ny antoko Tiako i Madagasikara tany Ambatondrazaka io fa manohitra ary tsy handray anjara amin'izay fifampidinihana politika hatao eto mihitsy ny Miara-manonja ahitana ny tenany. Antony, araka ny fanazavana dia satria hampihemotra ny fanatanterahana ny fifidianana izay ho filoham-pirenena sy hanalava ny fepotoam-piasan'ny mpitondra ankehitriny ary hikatsahan'ny mpanao politika sasany seza fotsiny izany. Dia tsy takona afenina ao anatin'izany fa mahazo vahana hatrany ny fizarazarana sy fisarahankevitra eo amin'ireo samy milaza ho manohitra ny fitondrana.



**Manohitra ny fanatanterahana ny fikaonandoham-pirenena ny Miara-manonja mandeha amin'ny AZ Radio.**

**Mandresy lahatra**

Raha tsy mitsahatra ny mandresy lahatra ny herivelona rehetra hitaky ny fanatanterahana izany fikaonandohampirenena izany ny RMDM sy ny Vovonana C Lera ary ny Vondrona Panorama dia miezaka mitaona ny herivelona rehetra tsy handray anjara amin'izany ny Miaramanonja tarihan-dry Fidèle Razara Pierre sy Hanitra Razafimanantsoa. Iretsy voalohany izay efa nanambara ombieny ombieny fa maika eto amin'ny firenena ny fanatanterahana izany, satria mbola tokony hiadian' ny rehetra hevitra ny famolavolana Lalampanorenana vaovao, hitsinjovana ny tombontsoan'ny Malagasy maro an'isa. Toy izany koa ny fandinihana lalam-pifidianana vaovao, hisorohana ny hala-bato sy ny fiverimberenan'ny krizy isaky ny misy fifidianana. Hatreto dia efa naneho fahavononana hitarika izany fifampidinihana izany ny FFKM ka ho hita eo ny tohiny !

**Mamy R.**

Minisitry ny Fitaterana Atoa Ramonjavelo Valéry

# Nitsidika ny fametrahana ny zotra an-dalamby an-tanàn-dehibe

Taorian'ny fijeren'ny minisitra tomponandraikitry ny fandrosoan'ny asa momba ny fitaterana an-tariby, na «Transport par cable», tetsy Anosy dia nitsidika ny fandroson'ny asa fametrahana ny tetikasa zotra an-dalamby an-tanàn-dehibe, na ny « Train Urbain », ny minisitry ny Fitaterana sy ny Famantarana ny Toetrandro, Atoa Ramonjavelo Valéry, omaly. Nambarany tamin' izany fa zava-dehibe ny famerenana ny zotran-dalamby eto andrenivohitra amin'ny alalan'ny PTU, na ny « Projet Train Urbain », ary manena ihany koa ny fatiantoka ara-



**Ny minisitry ny Fitaterana sy ireo mpiara-miasa aminy nitsidika ny tetikasa " Train Urbain ".**

toekarena noho ny fotoana lany vokatry ny fitohanan'ny fiara. Marihina fa tetikasan'ny Filohan'ny Repoblika Andry Rajoelina, nampanantenainy ny vahoakan'Antananarivo, izy ity. Miainga eo Amoronakona mihazo an'i Soarano ny « Train Urbain », mirefy 12 km, ary ahitana toeram-piantoana 9. Raha ny fotodrafitrasa toy ny lalamby, ny fefy sy ireo fiarovana ary fiampitana dia efa vita ny 90% amin'ny asa. Ny volana aogositra izao no fetra hanatrarana ny asa ka hisokafan'ny zotra. Andrana no atao amin'izany ho fitaizana sy fanazarana ny mponina.

**JUDD**

## Marina izany !

### Ho sarotra ny fanarenana !

**Raha mizotra araka ny tokony ho izy ny fitantanana ny raharaham-pirenena sy ny fanajana ny Lalampanorenana dia hiatrika fifidianana ny Malagasy, amin'ny faramparan' ity taona ity. Latsa-bato hifantenana indray izay Filoham-pirenena hitantana an'i Madagasikara, amin'ny dimy taona manaraka sy ireo hiandraikitra ny kaominina telo amby sivifolo sy eninjato sy arivo, manerana ny Nosy, noho iretsy farany efa lany fotoam-piasana. Mandrapiandry izay daty ôfisialy havoakan'ny filankevitry ny minisitra, hiantsoana ny mpifidy handatsa-bato dia tsy vitsy ny olom-pirenena no maminavina fa ho sarotra ny fanarenana an'i Madagasikara. Antony, tsikaritra ho misedra olana ny ankamaroan'ny sehatra eto amintsika. Ny sosialim-bahoaka, efa misakafo tapa-kibo ny tokantrano, tanora maro no tsy manana asa…Ny fampianarana, io iarahan'ny rehetra mahita io fa tsy mitsahatra ny mitontongana, manomboka amin'ny fanabeazana fototra. Santionan'ny olana ny tsy fanomezana arapotoana ny tombontsoan'ny mpampianatra. Tsy resahina intsony ny tsy fananan'ny mpampianatra traikefa hanatanterahany ny asany, eny amin'ireny toerampanabeazana any ambanivohitra ireny. Toy izany koa ny fampianarana ambony izay miharihary amin'ireny hetsika ataon'ny mpianatra itakiana vatsim-pianarana ireny. Farany teo, taorian'ny fitokonana teny Vontovorona, very tanteraka ny mpanara-baovao manoloana ny hoe: iza no namoaka sazy ho an'ny mpianatra ary iza indray no nanafoana izany avy eo ? Ny fandriam-pahalemana, tsy mitsahatra ny miharatsy, nefa ho an'ny mpitandro filaminana toa tsy anokanany loatra ny fotoanany intsony ny miaro ny olona sy ny fananany !**

Voahangy Rakotozafy

Fitsirihana lisi-pifidianana nataon'ny OIF

# Mampiharihary ny fitsabahana amin'ny raharaha anatin'i Madagasikara

Manana ny fiandrianam-pireneny ve i Madagasikara ? Io no fanontaniana miverimberina, taorian'ny fanasan'ny Vaomiera Manokana Misahana ny Fifidianana ny OIF (Organisation Interanationale de la Francophonie) nitsirika ny lisi-pifidianana hampiasaina amin'ny 9 novambra ho avy izao. Tranga mampiharihary ny fitsabahan'ny any ivelany amin'ny raharaha anatiny eto amintsika, hoy ny fanakianan'ny mpanao pôlitika avy aty amin'ny mpanohitra. Tsiahivina fa anisan'ny nanao fanambarana ny OIF, nandritra ny fifidianana tamin'ny taona 2018 ary nanamarika fa raha tsy mihoatra ny 10% ny fahadisoana hita ao amin'ny lisi-pifidianana dia tsy tokony hisy fiantraikany amin'ny vokatry ny latsa-bato izany. Ny tarehimarika navoakan'ny filoha lefitry ny CENI teo aloha anefa dia nampahafantatra fa 1 200 000 no isan'ny anarana niverimberina, tamin'ny lisi-pifidianana, nampiasaina, tamin'ny taona 2018. Miainga amin'io zava-misy izao dia azo adika ho manohana ny « doublons » izany ny OIF.

**Nahoana no marisarisa ny mpiara-miombona antoka !**

Mbola itsy farany ihany anefa no nahazo fanasana hitsirika ny lisitra, hampiasaina amin'ny fifidianana ho avy, izay efa ahiana hiteraka savorovoro sahady. Anisan'ny fanontaniana mipetraka ny hoe : Ny OIF ve izany no handray anjara be indrindra amin'ny fanomezana fanampiana hanatanterahana fifidianana? Sa inona no antony hanomezana fahefana be azy ireo, raha tokony ho raharahan'ny fanjakana sy ny olom-pirenena ny fanomanana latsa-bato? Ankoatra izay dia niteraka resa-be ihany koa ny fanakianana nataon'ny fiarahamonim-pirenena, nitsikera ireo mpitarika antoko pôlitika, nivoaka ny efitrano, teny Alarobia, nandritra ny fivoriana nataon'ny CENI, nitsirihana ny lisi-pifidianana. Mipetraka ny fanontaniana ny amin'ny hoe: Amin'ny fotoana manao ahoana no miaraka amin'ny fitondrana ny fiarahamonim-pirenena? Ary amin'ny fotoana inona no mitsikera? Ankoatra izay dia mbola mampametrapanontaniana ihany koa ny antony mamparisarisa ny mpiara-miombona antoka amintsika handrotsa-bola hanampiana ny fanatanterahana fifidianana ?

**V.R.**

Fantina

# Ny voaloboka sy ny soa entiny

*Harararaoty ny fahavokaran'ny voaloboka hanadiovana ny taova ao anaty, hikolokoloana ny fahasalaman'ny lalandra, sns. Ireto ny vokatsoa rehetra entin'ity voankazo ity ho an'ny fahasalaman'ny vatantsika. Sokajiana ho isan'ny voankazo mitondra hery be indrindra ny voaloboka. Mila fitandremana ny fisotroana ny vokatra azo avy amin'ny voaloboka, toy ny divay.*


Hikolokoloana ny fahasalaman'ny lalandra sy ny ao anaty ny voaloboka.

**Ny soa entin'ny ranony**

Betsaka ny valim-pikarohana efa nivoaka momba azy ity. Voalaza fa mampalefaka ny lalandra ny fisotroana izany isan'andro ary koa mampihena ny tahan'ny menaka ratsy anaty lalandra( mauvaise cholesterol) sy mampakatra ny tahan'ilay sokajy tsara. Miaro amin'ny karazana homamiadana koa izy, toy ny aretina mpahazo ny tsinay, ny faritry ny nonon'ny vehivavy ary ny lio fotsy. Ampirisihina koa ny vehivavy mitondra vohoka hisotro izany matetika ho fisorohana ny tsy fahatombanana eo amin'ny fiforonan'ny atidoha sy ny ivon'ny retsiky ny zaza. Manaraka izany, mikolokolo ny fitadidiana ihany koa izy ary voalaza fa mahomby amin'ny fisorohana ny aretina alzheimer.

**Ny tombontsoa entiny raha maina izy(raisin sec)**

Mitombo avo efatra heny ny hery entiny raha ampitahaina amin'ny voaloboka lena. Avo tahaka izay koa ny calcium, magnésium, fer, potassium ao aminy rehefa maina ny voaloboka. Ity farany ity izay tena ilaina hiadiana amin'ny fiakaran'ny tosidra. Ny otrikaina telo voalohany kosa dia miaro ny mpanao fanatanjahantena amin'ny fikaikon'ny hozatra sy ny harerahana diso tafahoatra.

**Manadio amin'ny alalan'ny voaloboka (Cure aux raisin)**

Manala ny loto anaty vatana rehetra any izy ary manatsara ny torimaso, fahasalaman'ny hoditra. Mampitony sy manala ny hakizitinana ary manamaivana ny aty. Manadio tsinay sy manasitrana ny aretin'ny vanintaolana.

**Fomba fihinanana azy**

Tsy mihinana afa-tsy voaloboka masaka tsara mandritra ny 1 andro izany. Ampitomboina isan-kerinandro ny faharetany, izany hoe roa na telo andro. Rehefa tapitra ny fotoam-pahavokarany dia mampiasa ilay (raisin sec) indray. Tsy mahazo mihinana azy ny "diabetique" sokajy "insulino dependant".

**Nangonin'i Tiaray R**

## Ny Fifamelana - (LE Grand -Pardon)

# Fananganana firenena vaovao



Taorian'ny famoahana ny lahatsoratra teto amin'ny Gazetiko tamin'ny alatsinainy faha-13, talata faha-14 ary ny alakamisy faha-16 martsa, mikasika ny sosokevitra momba ny fanorenana ifotony teo, dia maro ianareo mpamaky no nametra-panontaniana taminay hoe inona no ifandraisan'ny fanorenana ifotony sy ny fifamelana –(le grand pardon) ijoroanay. Heverina ho toy ny manorina trano vaovao isika ankehitriny, satria ilay trano naorina tamin'ny taona 1960 nahazoana ny sarintsarim-pahaleovantena dia efa inefatra ( repoblika fahefatra isika izao) no namborina, ary hita fa tsy mamaha ny olana rehetra eto amin'ny firenena . Koa ny fijerena ny tany hanorenana ny fototra no tokony himasoana voalohany mba hahamafy orina ilay trano. Ka na inona na inona fisedrana dia hijoro eo hatrany izy. Ankehitriny dia hitanay fa ny mahamaika ny olona dia ny fananganana ny terasy amin'ny fifidianana filoham-pirenena sy ny kajikajy samy hafa hampandaniana ny tena ho solombavambahoaka. Izany no mahatonga anay handroso an'ireo sosokevitra heverina ho trano, firenena tsara orina manome lanja ny maha Malagasy, ny soatoavina ary fiandrianam-pirenena. Hahomby isika raha matoky ary miantehitra amin'ny herintsika hampandroso ny firenentsika.

Raha tsiahivina fohifohy ny sosokevitra naroso dia mizara telo mazava tsara. Voalohany, atao aloha ny fifidianana anivon'ny fokontany fototra ny rafi-panjakana rehetra. Faharoa, ny olona rehetra mizaka ny zom-pirenena malagasy no mifidy ireo mpikambana ao amin'ny komitim-pokontany sy ny filoham-pokontany. (Ny mponina ao amin'ny fokontany no entanina hanao politika fa tsy ny mpitondra voafidy tamin'ny fomba hafahafa, izay hita hatramin'izao fa hanao tery vay manta ny politikany hitantanana ny firenena. Ny mponina ao amin'ny FKT no manao ny fanisana sy mandray andraikitra amin'ny fandrindrana ny fifidianana… Azo inoana marimarina fa hiakatra ny taham-pandraisana anjara, dia miakatra tsikelikely ao amin'ny kominina, fileovana, faritra ary ireo mpifidy voafantina no manao an'izany . Ho voafidy, mazava ho azy, ireo mpikambana isan'ambaratonga ireo sy izay ho filohany. Izy ireo kosa amin'ny farany no hifidy ny solombavam-bahoaka sy ny filoham-pirenena ka andro iray ihany no hanatanterahana an'izany .

Faharoa, ny Malagasy mizaka ny zom-pirenena malagasy ihany no ekena hirotsaka hofidiana, mba tsy hiroaroa saina amin'ny fandraisana andraikitra ho fampandrosoana ny firenena. Fototr'olona mifaka amin'ny fanomezan-danja ny hasin'ny mahaolona ary mitsinjo ny tombontsoa ho an'ireo mpiray tanindrazana 85% miaina ao anatin'ny fahantrana tanteraka.

Farany, dia heverina ho nofy ihany izany rehetra izany raha tsy ampitoviana ny fandaniana atao amin'ny fifidianana, indrindra fa ny eo amin'ny solombavambahoaka sy ny filoham-pirenena. Raha tanterahina izany fombam-pifidianana vaovao miankina tanteraka amin'ny fahatsapana ny maha olom-pirenena sy ny fandraisana andraikitra izany dia ho foana ho azy ny filankevipirenena momba ny fifidianana (CENI) miteraka resabe ankehitriny, satria ireo mpifidy voafantina isan'ambaratonga ireo ihany ho hanamarina ny isan'ny mpifidy sy hikarakara ny fifidianana. Ho mora ny asa iantsorohan'ny fitsarana avo momba ny lalampanorenana, satria mihavitsy ny PV ho dinihin'izy ireo ary hivoaka haingana koa ny voka-pifidianana. Soso-kevitra amin'ny fanorenana ifotony izay azo oharina amin'ny fanorenana trano io, ka ny fototra (FKT) no tsy maintsy hatao tsara sady mafy fa tsy ny fanamafisana lavarangana na ny terasy no eritreretina sahady amin'izao fotoana izao, ka mandeha sahady ny kajikajy maro heverina fa tsy hitondra mihitsy fampivoarana ho an'ny firenena. Ny fitadiavan-tseza no mahamaika. Narosonay ihany koa ny sosokevitra hanatsarana ny asan'ny fitsarana izay mampitaraina ny vahoaka tokoa. Ny fahefana mpanatanteraka no hanendry ny filohan'ny fitsarana isan'ambaratonga rehetra ary ny fampanoavana kosa dia ho anjaran'ny ao amin'ny mpanao lalàna. Amin'ny ankapobeny ihany ireo voalaza ireo fa ny andinindiny dia azo ifampidinihina tsara. Raha tafatsangana ny trano vaovao. Hatao ahoana ilay trano efa enina amby telopolo taona nijoroany izay nisehoan'ny trangan-javatra maro?

### Ny Fifamelana (Le Grand Pardon)

Taorian'ireny toe-javatra navaivay tamin'ny taona 1971, 72, 75, 1991-92,2002, 2009, ireny dia nitsangana hatrany ny olom-pirenena, na izay mahatsapa fa manana andraikitra amin'ny tanindrazana iombonana hitsabo ny ratra. Matetika anefa dia tsy vitantsika samy Malagasy izany ka nidiran'ny olona avy any ivelany, ary dia nentina ivelan'ny nosintsika: Sénégal, Afrika atsimo, Mozambika, Maorisy, Seychelles… ny olana mianjady antsika, ka nidiran'ny firenen-kafa na ny vondrona iraisam-pirenena maro ny fandaminana azy (GIC-M), UA, SADC….. Henatra ho antsika ary midika ho tsy fahaizana mandamina ny raharahan-tokantranony. Mazava ho azy fa fitoniana natao fotsiny hampitony ny ady teto amintsika ireny fa tsy alaolana maharitra. Tsy maintsy isika Malagasy aloha ny mamaha ny olantsika amin'ny fomba manome lanja ny kolontsaina sy ny fomba amam-panao ary ny soatoavina eto amintsika. Nipoitra ny Raiamandreny aradrazana, Raiamandreny mijoro, ny Vondrona Antanimena, ny Club développement éthique …. ny Hetsiky ny mpitondra fivavahana (HMF), ny Filankevitry ny fampihavavana eto M/kara (FFM) najoron'ny tondrozotra I sy II sy ny lalampanorenana, ary ny FFKM (Fiombonan'ny Fiangonana Kristiana eto M/kara ) ….Ireto roa farany ireto no asiana teny, satria ny iray manana ny atao hoe ara-dalàna, ary ny iray manana ny ara-drariny.

### Filankevitry ny Fampihavanana Malagasy (FFM)

HIta ho mpamoaka didy famotsoran-keloka(amnistie) fotsiny ny FFM roa hatramin'izay, satria ireo nahazo an'izany dia tsy nahazo afa-tsy ny ampahany amin'ny zony ihany, noho ny tsy famoahan'ny fitondram-panjakana ny didy hitsivolana fampiharana azy. Ny sosokevitra arosonay dia ny tokony hananganana eo anivon'ny depiote ny komisiona manokana mikasika ny fampihavanana, toy ny fisian'ireo komisiona maro efa mitsangana ao. Natsangan'ny tondrozotra ihany koa ny "fonds national de solidarité" (FNS) na ny tahirimbolam-pirenena momba ny ny firaisankina, tokony andraisan'ny fanjakana sy ny vondrona iraisam-pirenena anjara. Nahavita ny azy io vondrona io tamin'ny nanomezany ny " peace building fund", vola nomen'ny firenena mikambana ho an'ireo firenena vao avy nandalo ady an-trano. Ny fanjakana malagasy kosa dia tsy mbola nandrotsaka na ariary aza ao anatin'izany zany kitapom-bola izany. Niantso ny tsirairay malala-tanana izy, nefa dia lasa antso any an'efitra fotsiny izany. Raha tsy manam-bola ny fanjakana dia tsy azo atao ve ny manonitra an'izany amin'ny fanomezana tany na zavatra hafa? Nampiahiahy ny mpanara-baovao ny fomba nifidianana sy nanendrena an'ireo mpikambana ireo hatramin'izay, nefa dia tsy maintsy najoro hiasa izy ireo. Nanao fampihaonana teny amin'ny hotely Panorama ny FFM tamin'ny volana avrily 2014. Tsy tonga nanatrika teny ny solontenan'ny FFKM na dia nandefasana fanasana aza, hoy ny mpikarakara ny fivoriana. Tsy nisy vokany ny ezaka nataony na dia rafitra ara-dalàna eto amin'ny firenena aza izy.

### Fiombonan'ny Fiangonana Kristiana eto Madagasikara (FFKM)

"Mba ho iray ihany izy rehetra", Jaona 17-21; "Kristy no nampihavana antsika" Efes 2:14 ireo ny teny filamatra nentin'ny FFKM hanaovana ny fihaonana momba ny fampihavanana teny amin'ny lapan'ny fanatanjahantena sy ny kolontsaina, tamin'ny 05-06-07 martsa 2015 sy 28-30 martsa sy 01-02 may 2015, teny amin'ny CCI Ivato. Natao tamin'izany hampahombiazana ny 4F Fiaiken-keloka, fibebahana, fahamarinana, ary fihavanana. Nandaniam-bola be tokoa izany, nefa dia nadamoka ny fanapahan-kevitra noraisina tamin'izany fa tsy tonga nanao sonia Atoa Andry Nirina Rajoelina. Ary dia toy ny mahazatra dia tsy nahomby ny hetsika natao, ary dia mbola tsy milamina anehitriny ny firenentsika. Hiroso amin'ny fikaonandoham-pirenena indray ry zareo FFKM ankehitriny mba hampilamina ny fiainam-bahoaka sy ny fifidianana heverina hatao amin'ity taona ity. Ahoana no tetika hataon'ny FFKM hampahomby an'io dinika hitanay fa tena sarotra tokoa eo amin'ny fampahombiazana azy raha izao toe-javatra misy amin'izao fotoana izao no jerena? Mirary soa ho an'ireo misehatra amin'izany fampihavanana izany isika, satria endrika iray hanehoana ny fitiavan-tanindrazana ny fahombiazan'ny fampihavanana.

**NARY RAVONJY**

# Gazetiko

## Vavolombelon'ny tantara


ANKADIMANGA - MARITEX
ASIBOROSY NIVARINA TANY ANATY TSANA, OLONA 1 MATY, 8 NARATRA
MARINA IZANY: HAFAHAFA NY FANDEHAN-JAVATRA!
J + 117
Gazetiko
TRANO 20 MAY, AN-JATONY NY TRABOINA
TOAMASINA II
OLON'NY FIHAVANANA NY LEHILAHY
AKITRA NY SAKOROKA TAO BELAMBO POAKA NY BASY, NIREFOTRA NY BAOMBA
MANOHY MITSIDIKA FARITRA 1 ANDRY RAJOELINA
TOMPONDAKA INDRAY 1 SAB NAM
MIDI FLASH HIVOAKA MANOMBOKA ANIO
SOLIKA
NIAKATRA 80 ARIARY AVOKOA NY LITATRA

*Miankina amin'ny vidin'ny solika eo amin'ny sehatra iraisam-pirenena ny vidiny eto amintsika. Tokony hanaraka ny fiakarana na ny fidinana misy any am-potony araka izany ny vidiny, saingy noho ny fifanarahana nifanaovan'ny fanjakana amin'ireo mpandraharahan'ny solika dia ampiharina tsikelikely izany ho fitsinjovana ny fahefa-mividin'ny vahoaka sy tsy hahafaty antoka ireo mpandraharahan'ny solika. Nisy fotoana efa saika isam-bola no miova ny vidin-tsolika, toy ny tamin'ny taona 2015 sy 2016 ary 2017. Tsy maintsy miambina ny fivoaran'ny vidin'ny solika hatrany ny mpanao gazety isam-bolana ary matetika dia amin'ny alina foana. Nijanona tsy nihetsika tamin'ny toerany ny vidin-tsolika nanomboka ny 20 jona 2019 ary niverina niakatra indray tamin'ny 11 jolay 2022 noho ny fiantraikan'ny krizy ara-pahasalamana sy ny ady teo amin'i Rosia sy Lokraina. Tsy mbola ny vidiny tena izy anefa no mihatra eto amintsika ankehitriny ary vao tsy ela no nilaza ny fanjakana fa hiala amin'ny fanohanana ny vidin'ny solika fandrehitra, ka mety hampiakatra ny vidiny.*


OLON-TSOTRA TEO AMBONY MOTO MATY VOATIFITRY NY JIOLAHY
MARINA IZANY: TAMIONAO ET ZANAHARY!
NO ANAO RAMATOA
ADY GASY HISOROHANA NY "CORONAVIRUS"
Gazetiko
TSAROAKO ILAY... RAZOTO TALIHA
VOAKAPOKY NY FENINKIBO RAHA NIVOAKA ALINA
NAMBARAN'NY FILOHAM-PIRENENA OFISIALY
VEHIVAVY 3 NO VOAN'NY CORONAVIRUS, MIKATONA NY SEKOLY REHETRA
FFKM - ADY AMIN'NY "CORONAVIRUS"
MANAINGA NY MALAGASY HANARAKA NY TOROMARIKA AVOAKAN'NY FANJAKANA
KITRA - FIFANINANANA ETO MADAGASIKARA
NAATON'NY FMF AVOKOA IREO LALAO REHETRA
NAHAVITA NY ADIDINY HO AN'NY TANINDRAZANA
FAMPIATOANA SIDINA NOHO NY "CORONAVIRUS"
TERATANY FRANTSAY MARO MBOLA TAFAHITSOKA, MANAFARANA FIARAMANIDINA ROA
MANGATAKA FAMPITAOVANA

*Nitranga tany Wuhan, tanàna iray any Sina, voalohany ny "Covid 19" tamin'ny volana novambra 2019. Nihanaka tamin'ny firenena maro maneran-tany, ary tafiditra teto Madagasikara tamin'ny 20 martsa 2020, na dia efa nisy aza ny fepetra fanakatonana sisin-tany noraisina nanomboka ny 19 martsa. Malagasy telo no nahitana ity tranga ity voalohany. Nihanaka be teto amin'ny firenena taorian'io fotoana io. Tsy maintsy niroso tamin'ny fametrahana ny fihibohana ny fanjakana ary ny fampanajana ny fihetsika sakana ara-pahasalamana, toy ny fitondrana arovava. Tsy nahasakana ny fihanaky ny valanaretina anefa ireo fepetra ireo. Nanano sarotra ny fanangonam-baovao, satria tsy maintsy miandry ny tatitra ofisialy avoakan'ny fanjakana. Efa niverina amin'ny laoniny ny fiainam-pirenena tao anatin'ny roa taona lasa, saingy mbola tsy resy tanteraka ity valanaretina ity. Olona 67 971 no efa voany teto amintsika, koa ny 66 520 efa sitrana ary ny 1 424 maty. Mbola tsy mihoatra ny 5 isanjato ireo olom-pirenena vita vaksiny iadiana amin'ity valanaretina ity.*


MISAHOTAKA NY MPONINA, TELO MIANAKA MITA FATY TAO AN-TRANONY
Gazetiko
MANKAHERY NY MPIRAY TANINDRAZANA TRABOINA NY FILOHA RAJOELINA
LANONANA ROA NOFOANANA VOKATRY NY ANDRO RATSY
TAKAITRA NAVELAN'I BATSIRAI
RAVA 90 ISANJATO I MANANJARY, OLONA AM-POLONY MATY, 47 832 IREO TRABOINA
NIVERINA AMIN'NY AMPAHANY NY FITATERAM-BAHOAKA
AHIANA HO FOMBA NIFAMINGAHAN'NY SAMY MPANOHANA FANJAKANA
AMBOHIMANGAKELY
TAKSIBE NIVADIKA, MPANDEHA IRAY MATY, SIVY HAFA NARATRA
COVID-19
NISY MATY 33
Lala'otsika

*Tsy latsaky ny enina ireo rivodoza nandravarava teto Madagasikara nandritra ny taona 2022. Anisan'ny namela takaitra mavesatra i BATSIRAI, izay namoizana ain'olona maro sy nanimba fotodrafitrasa maro. Faritra maro no voakasika ka tsy maintsy miara-miasa amin'ireo manampahefana sy mpanao gazety any amin'ny faritra amin'ny fanangonam-baovao.*


Lah. 5607
Gazetiko
SAMIHAFA
3
Tsena iveloany
« Variana mitodika amin'ny firenena lavitra i Madagasikara »
COMESA
R. Muriy
AFAKA MAMPIHENA CONSOMMATION ESSENCE/GASOIL
- ECONOMIE : 25 à 30%
- CAMION, 4x4, MINIBUS, LEGERE, MOTO, GROUPE ENGIN, TRACTEUR, BATEAU, chaudière, etc
- SADY MAMPATANJAKA MOTEUR
- GARANTIE, SERVICE APRES-VENTE
- AFA-PO DAHOLO IZAY REHETRA NATAO
Contact : 033 13 343 57 / 034 39 433 36 / 032 47 424 87

*Maro ireo fihaonambe iraisam-pirenena efa noraisina teto Madagasikara. Anisan'izany ny fihaonana an-tampony faha-16-n'ny Frankôfônia, tamin'ny 22 ka hatramin'ny 27 novambra 2016, sy ny fihaonana an-tampony faha-19-n'ny COMESA, tamin'ny 10 ka hatramin'ny 19 oktobra 2016. Samy noraisina teny amin'ny trano fandraisana fivoriana iraisam-pirenena, na ny CCI Ivato avokoa ireo fivoriana iraisam-pirenena goavana ireto.*

# Gazetiko

*Maro ireo olona efa niara-niasa tamin'ny Gazetiko tao anatin'ny 25 taona nijoroany. Anisan'izany i Simon Randriamalala, izay niaina sy nahita ny fanombohany ary nandray anjara tamin'ny fanoratana ireo lahatsoratra navoaka.*





Gazetiko

Karaté- Tompon-dakan'i Madagasikara

HIAKA-DAPA NY MPANAO KARATE !

FANATANJAHANTENA

Basket-ball / Jump

AMIN'NY ALATSINAINY ... FIFANINTSANANA

Badminton - Tournoi de Noël

ENY ANKATSO NY FOTOANA


« AZIMUTS NIGHT »
Votre plus beau
REVEILLON
Starlight Night Club
Diner de réveillon
PK. 12 Route de l'Aéroport d'IVATO


**Anisan'ny vavolombelona nanatrika sy nandray anjara tamin'ny fananganana ny Gazetiko ianao, azonao tantaraina amin'ny antsipiriany ve ny fotoana niainanao izany ?**

Tato amin'ny Gazetiko aho no nanomboka ny asa fanavaon-gazety rehefa nahavita ny fianarana momba ny serasera sy ny fanaovan-gazety teny amin'ny oniversiten'Antananarivo. Itompokolahy Stéphane Jacob, izay isan'ireo nampianatra anay teny Ankatso ary talen'ny fanoratana tao amin'ny Midi Madagasikara no niantso sy nanontany ahy raha mazoto aho fa hanangana gazety amin'ny teny malagasy ranoray i Midi Madagasikara. Tamin'ny taona 1998 nivoahan'ny Gazetiko voalohany dia tsaroako tsara fa ekipa roa niavaka saingy tena nifameno tokoa no niandraikitra ny gazety. Tetsy andaniny, nisy ireo mpanao gazety efa za-draharaha sy manana traikefa tao amin'i Midi Madagasikara izay nisahana indrindra ny lahatsoratra mikasika ny raharaha pôlitika sy ireo lahatsoratra goavana aranty amin'ny pejy voalohany. Tetsy ankilany kosa ireo izay vao niditra tao anatin'ny tontolon'ny fanaovan-gazety. Tany am-boalohany aloha dia tsy nisy loatra ny fizarâna "rubrique" fa samy nikarobaovao mikasika ny trangam-piarahamonina, fanatanjahantena, kolontsaina ny rehetra araka ny lamina izay napetraka isan'andro. Ho ahy manokana dia ny fikaroham-baovao mikasika ny fanatanjahantena sy ny zava-misy teo amin'ny sehatry ny fandriam-pahalemana (faits divers) ary ny tantara an-tsary mitohy no tena nataoko. Ny taona 2001, taorian'ny fiofanana narahiko tany Allemagne, dia nifindra nanoratra tao amin'ny Midi Madagasikara aho ka ny "rubrique" momba ny fanatanjahantena sy ny vaovao eran-tany no nosahaniko. Nanomboka teo dia tsy nanoratra firy intsony ho an'i Gazetiko aho saingy nitohy hatrany ny fanaovana tantara an-tsary sy ny sariitatra indraindray. Isan'ireo namorona ny pejy Alavoly ato amin'ny Gazetiko ihany koa aho niaraka tamin'ny namana mpiangaly sary Nil.

**Inona avy ireo fotoana nanan-danja niarahanao tamin'ny Gazetiko ?**

Maro dia maro fa ny tena tiako asongadina dia ny fotoana nanombohan'ny Gazetiko. Tamin' izany mantsy no nahitana karazan-tranga maro tsy nampoizina sy tsy nianarana teny amin'ny oniversite kanefa sendra anao rehefa iny mikaroka vaovao iny. Nisy tranga vaovao foana saika isan'andro ary izany no isan'ny nanamafy ny fahaizana sy ny traikefa teo amin' ny asa fanaovan-gazety.

**Manao ahoana ny fahitanao ny fivoran'ny Gazetiko tao anatin'izay 25 taona izay?**

Tsapa tokoa aloha fa nisy fivoarana lehibe ny Gazetiko raha oharina tamin'ny tany aloha na eo amin'ny endriny na ny votoatin'ny lahatsoratra. Maro kokoa ny isan'ny lahatsoratra sady tsy dia lava ka mora vakina. Milamina tsara koa ny fandaharana ny lahatsoratra sy ny sary fanehoana eo ambony pejy.

**Inona no hitanao tena mampiavaka ny Gazetiko amin'ireo gazety hafa ?**

Ny fomba fikirakirana ny vaovao no hitako mampiavaka ny Gazetiko amin'ny hafa. Tsy be tora-pò fa tonga dia zava-nitranga aloha no aroso voalohany, hany ka mora takarina ny lahatsoratra. Maro ihany koa ireo lahatsoratra ao anaty Gazetiko ary amin'ny teny malagasy mazava sy tsy dia be haingon-teny loatra. Izany hoe tsy sahirana ny mpamaky mikaro-baovao sady mora raisina izany.

**"Rubrique" inona no tena mahaliana anao ato anatin'ny Gazetiko ? Inona ny antony ?**

Amin'ny ankapobeny aloha dia ny lahatsoratra mikasika ny fanatanjahantena no tena mahaliana ahy ato anaty Gazetiko, satria manaraka akaiky ireo fifaninanana eto an-toerana sy any ivelany aho. Isan'ireo fialam-boliko ny mijery fifaninanana ara-panatanjahatena ary any anaty lahatsoratra an-gazety no ahitanao fanazavana sy trangan-javatra tsy hita eny ambony kianja kanefa nitarika ny vokatra azon'ny ekipa iray ohatra. Ao ihany koa ny pejy Alavoly izay misy ireo tantara an-tsary fohy mampihomehy sy kilalaon-tsaina. Amin'ny maha mpanao tantara an-tsary ahy dia mahafinaritra hatrany ny manaraka ny sanganasan'ny namana. Mamaky ireo lahatsoratra rehetra mikasika ny toekarena ihany koa aho, noho ny asa sahaniko ankehitriny.

***Teny firarian-tsoa ho an'ny Gazetiko sy ny ekipa rehetra.***

***Mirary soa indrindra sy fahombiazana tanteraka ho an'i Gazetiko sy ny ekipa rehetra ho an'ny 25 taona manaraka. Mety ho maro ireo sedra hiandry ary tsy mora akory ny asa fanaovan-gazety, kanefa manantena sy mino aho fa tsy ho sakana ho an'i Gazetiko izany fa vao mainka aza hampitombo ny traikefany.***

***Misaotra indrindra nanasa teto amin'ity pejy manokana ho an'ny faha-25 taonan'i Gazetiko ity.***

# 25 taona

## Mpanao gazety vavolombelon'ny tantara

# Fy Ranohatrarisoa, mpanao gazety koltoraly

# "Nandrasan'ny zandary mandramaraina tao amin'ny hotely"



Izy no Fy na Rasoa,
mpanao gazety nanditra ny 24 taona tato amin'ny Gazetiko.

**Gazetiko : Mba tantarao hoe ny nanombohan'i Fy ny asan-gazety**

**Fy Ranohatrarisoa :** Mpividy Gazetiko i mamanay. Tao anatin'izay no nahitako filazana hoe mitady mpanao gazety mahay teny malagasy tsara ny Gazetiko. Efa ela naniry an'io asa io aho satria izaho mpamaky gazety ihany koa. Gazety Lakroa no tena tiako ny mamaky azy. Ohatra hoe "resaky ny moana sy marenina", misy koa hoe Besofina zanany. Ny lahatsoratra nosoratan'ny Mompera Remy Ralibera no tena nankafiziko. Namaly ny faniriana hiasa aho ary nataoko tamin'ny teny malagasy iray manontolo hatramin' ny CV. Tamin'izay fotoana izay anefa, nisy asa iray nanaovako fangatahana ary niara-nivaly. Andro iray ny fiantsoana azo avy amin'ny mpitantana orinasa ka tena sanganehana aho. Nipoitra voalohany tato amin'ny GAZETIKO ny diam-peniko nanomboka ny 24 aogositra 1999 ary tsy niova asa aho noho ny fitiavako ilay izy.

**Gazetiko : Nandalo krizy sy sedra maro ny firenena tamin'ny 2002 sy 2009 ohatra, niaina mivantana izany ny mpanao gazety, ohatran'ny ahoana ny fikaroham-baovao taloha?**

**Fy Ranohatrarisoa :** Nandalo krizy maro tokoa ny firenena. Nandalovako ny 2002 ary tena niainako. Tato am-piasana, mba tsy ho fantatry ny mpamaky hoe iza ianao, satria mafimafy ny nahazo tamin'izany, dia Rasoa no anarana nentiko. Ny fanangonanana vaovao avy any amin'ny faritra no tena nataoko, satria ny resaka kolontsaina tsy nisy notantaraina tamin'izany. Ny " Annuaire" no namako, ka izay nomerao azoko ao dia antsoiko. Tsy fantatra io na iza na iza, fa antsoina fotsiny rehefa hita hoe mifanakaiky tamin'ilay vaovao notadiavina. Miantso olona 3 eo ho eo amin'ny tanàna na faritra iray, ka hita fa marina ilay vaovao dia avoaka. Tsy mbola nisy interneto sy fesiboky tamin'izany fa ny telefaonina telma be ao an-trano no tena miasa. Nahazo vaovao betsaka tamin'izany.

**Gazetiko : Misy fahatsiarovana tsy ho adino mihitsy?**

**Fy Ranohatrarisoa :** Eo amin'ny asa fanaovan-gazety dia maro ny zavatra iainanana vao tafavoaka ny vaovao iray. Ny ao ambadika nikonokononana azy tsy voasoratra fa izay tena ilain'ny mpamaky no voasoratra. Ity tranga iray tantaraiko ity dia niainako tamin'ny fotoana nanaterana ny praiminisitra Jacques Sylla teny Mahazoarivo tamin'ny 2002. Izaho no anisan'ireo mpanao gazety tonga voalohany teny amin'ny lalana miditra any Mahazoarivo iny. Efa marobe ny miaramila tamin'izany nanao barazy. Teo anoloan'ny barazy voalohany izaho no nijanona, ary nifampiresaka tamin'ireo mpanao gazety namana. Anisan'ireny i Rinah Rakotomanga, izay mpanao gazetin'ny Matv teo aloha, saingy lasa niasa teny amin'ny fiadidiana ny praiminisitra Tantely Andrianarivo teny Mahazoarivo. Nilaza izy hoe ndao ianareo raha hiaraka amiko hiditra any e. Samy mpinamana no teo. Tsy nety nandeha izahay fa niandry izay zavatra hitranga teo, satria fanadihadiana no atao fa tsy hijery ny Lapa akory. Lasa izy nandeha, fa izahay kosa tratran'ny barazy teo, dia lasa nitady lalana nanavatsava tany anaty tanànan'olona sy tanimboly rehetra tany. Ny tena moa efa nipetraka manodidina teny taloha dia nahita lalana maro. Mbola izahay ihany no tonga voalohany teo anoloan'ny lapan'ny praiminisitra. Barazy farany nisy ny jeneraly Andrianaivo (taorian'io izy dia nisy namono tena tany amin'ny hopitaly Fianarantsoa, ka mbola tsy hay ny tohin'iny raharaha iny hatramin'izao. Resaka Andohanatady io, ho an'izay mahatadidy). Fotoana vitsy taorian'izay, nidina nihazo ny barazy nisy anay ny praiminisitra Jacques Sylla hoe haka an'i Mahazoarivo. Raikitra ny fifampiresahana teo amin'ireo mpanara-dia azy sy ny ekipan'ny Jeneraly Andrianaivo. Tazana teny amin'ny vavahady kosa ireo miaramila miatrana am-bava basy. Teo ihany koa ny namana Rinah sy Rtoa Ramisandrazana. Tsy nisy ny tahotra taminay aloha tamin'izany satria fifampiresahana milamina no teo fa tsy nisy amboletra. Rehefa vita ny fifampiresahana dia nampandrosoina niditra ny lapa ny praiminisitra Jacques Sylla. Nentin'izy ireo nihodina ny lapa fa ny trano nihidy, dia nivoaka avy eo. Tany amin'ny barazy voalohany kosa anefa dia raikitra ny sakoroka, satria nisy nanely tsaho fa hoe nosamborina Ingahy Jacques Sylla. Nisy hatramin'ny fitifirana, ka zazalahy kely iray vao erotrerony no namoy ny ainy rehefa nentina tao amin'ny hopitaly iray tao Ambatoroka. Nijery azy tao izahay rehefa avy teny Mahazoarivo. Tsy voasoratra izany zavatra niainana izany fa niainana kosa anefa. Niteny tamiko ny sefo tato am-piasana hoe: aza dia mamono tena Rakalakely a !

**Gazetiko : Mpanao gazety akaiky vahoaka fa fahavalon'ny sy politisianina, marina ve?**

**Fy Ranohatrarisoa :** Indray mandeha, volana novambra 2003 tany ho any ity tantara ity ; nentin'ny praiminisitra teo aloha, Monja Roindefo, tany Ikalamavony izahay tamin'izay. Fiara 505 familiale no nitondra anay mpanao gazety tamin'izay fotoana izay. Nivantana tao amin'ny Sofia Hotel, satria efa hariva vao tonga. Ny maraina talohan'ny handehanana, dia nisakafo tao amin'ny trano fisakafoanana. Nifankahita tamin'i Haja (olona akaiky amin'i Pety Rakotoniaina, ben'ny tananan'i Fianarantsoa tamin'izany). Mifankahalala tsara izahay, dia nifanatona nifampiresaka. Nilaza taminy izahay fa ho any Ikalamavony. Izaho aza saika hiaraka aminy, saingy manahirana amin'ilay nitondra anareo, hoy izy. Dia lasa izahay. Kanjo teny an-dalana, tamin'ny fotoana nandalovanay toerana mangina sady feno hazo maniry no nihoarany tamin'ny fiara 4x4 izahay. Nirimorimo mafy izy, nihoatra anay sady nanapoaka basy. Toran-kovitra aho tamin'izay. Rehefa tonga tany Ikalamavony vao fantatra fa hay tsy mifankahazo tamin'ny olona nitondra anay izy ireo. Namantana avy hatrany tany amin'ny zandary izahay, ka zandary no niambina anay mandra-maraina. Ireo ekipany kosa, nampihorohoro nandehandeha nanodidina ny trano natorianay mandra-maraina. Niaina tao anatin'ny tahotra tanteraka izahay tamin'izay. Vao maraina anefa dia resy ny tahotra satria nazava ny andro. Nentiko ny namako hoe ndao ho any amin'ny tranon'i Haja. Nifampiresaka teo amin'izay, ary noterena izy hamaha ny barazy izay nataony tsy hahafahanay mandeha. Novohainy ny barazy, dia lasa izahay mpanao gazety vitsivitsy fa ny sisa mbola niasa nanohy ny fanadihadiana. Taty aoriana niverina ihany ny fiarahana maha mpinamana taloha.

**Gazetiko : Fahatsiarovana tsara indrindra:**

**Fy Ranohatrarisoa :** Tamin'ny 2001, nasain'ny mpikarakara sady tompon'ny trano filanonana tany Parisy aho. Mpanao gazety telo izahay no niara-dia : Jeanine Rivomalala (Tvm) sy Steve Maniry (Express). Fitokanana ny espace Tanà Orly, tao Orly Paris tamin'izay, ka Rtoa Anna Razanajato, tompon'ny trano filanonana no niantoka ny saran-dalana sy ny fivahiniananay tany an-toerana nandritra ny 3 volana. Artista maromaro no niara-nipetraka taminay tao amin'io Espace io : Vola sy Noro ; Fafah (Mahaleo); Soafara; Luk sy Mahery ary Goth (1 volana farany vao tonga). Nifampizara raharaha (fandrahoana sakafo sy fanasana lovia, ...). Toa ireny mpiray tampo iray trano ireny ny fiainanay, ary tena nahafinaritra tokoa. Misy fotoana nasain'ny namana mpanakanto na mpanao gazety tao Parisy. Nisy fotoana nasain'ny havana, dia tonga hatrany Boulogne sur mer, Etaples sur mer, sy ny maro hafa. Lasa fohy ny fotoana satria maro be ireo namana miantso sy manasa tany an-tranony. Sendra andro mafana izahay no nivahiny tany, ka nanahirana ny masoandro zara raha maizina. Amin'ny 1 ora maraina ka hatramin' ny 4 ora eo ihany no tsy mibaliaka ny masoandro. Ny Gasy tsy zatra dia bedy isaky ny mandeha mamangy namana fa be tabataba. Misy fotoana manampy ny tompon-trano mampahafantatra ny hetsika karakarain'izy ireo. Mandeha manatitra flyers amin'ireo toerana misy Gasy, apetraka anaty "boite aux letter" satria tsy nisy facebook ohatra izao tamin'izany. Nahafantarana Malagasy marobe, sy trano ary cité misy Malagasy mipetraka.

***Gazetiko : Nanao ahoana ny fivoaran'ny asan-gazety nandritra izay fotoana nanaovan-gazety izay?***

**Fy Ranohatrarisoa :** Rehefa mandeha any amin'ny faritra taloha, dia alefa "fax" ny lahatsoratra fa mbola tsy nisy ny internet. Raha toa ka misy olona afaka mitondra, dia ampanasaina haingana ny sary dia ampitondraina miaraka amin'ny lahatsoratra. Amin'izao fotoana, efa mivoatra ny teknolojia. Miha tanora ihany koa ny mpiara-miasa ka hatramin'ny mpitantana ny orinasa. Miroborobo ny teknolojia nefa tsy tara amin'izay ny ekipan'ny Gazetiko. Miara-mientana ny rehetra, miara-miasa. Antenaiko fa ho lasa lavitra satria ekipa mavitrika sady manana angovo no miara-dia. Koa ny taona no mitombo, fa ny fahavitrihan'ny mpiasa sy ny fahaizana mifehy ny teknolojia dia ampy hanantenana fa hanana ho avy mamiratra ny Gazetiko. Ho ela velona ny ekipa. Ho lava velona daholo ny mpamaky.



## Fivahinianana masina nataon'ny Papa François, lehiben'ny fiangonana katolika maneran-tany, teto Madagasikara.

Nigadona teny amin'ny seranam-piaramanidina iraisampirenena Ivato tamin'ny harivan'ny 6 septambra 2019. Nihaona tamin'ireo tomponandraikitra ambony teto amin'ny firenena sy ireo hery velona ary nitsidika ireo toerana manan-tantara tamin'ny finoana katolika ny ampitson'ny fahatongavany. Nihaona tamin'ireo mpino katolika manerana ny Nosy nandritra ny lamesa notanterahina tao Soamandrakizay. Nandao an'i Madagasikara tamin'ny 10 septambra rehefa avy nanao fitsidihana tany Maorisy, ny 9 septambra. Tsy vitan'ny mpanao gazety iray na roa ny fanangonam-baovao noho ny hamaroan'ny hetsika nandraisany anjara teto, ka samy nomena andraikitra avokoa ny mpanao gazety rehetra. Ny orinasa Karenjy no nanamboatra ny fiara nitondrana ity Raiamandreny ara-panahy ity nandritra ny fivahiniany teto. Tsiahivina fa izy no Papa faharoa nitsidika an'i Madagasikara taorian'ny Pape Joany Paoly II tamin'ny taona 1989.




AMBATOLAMPY
ROALAHY NAMPISOTROINA POIZINA, LASA NY VOVO-BOLAMENA 85 GRAMA ④
MARINA IZANY ! ⑥
ANDREFANI MANANJARA ④
MPIANAKA NAMBANAN'NY JIOLAHY ANTSY, VOAROBA NY VOLA SY NY BISIKILETA
CARION ④
KAMIAO NIDONA TAMIN'NY TAMBOHO, MATY NY MPAMILY
Gazetiko
LOLO SY MAHALEO
JIRAMA : MITOHY NY FITOKONANA ⑤
MITAKY NY FIALAN'NY TALE JENERALY SY NY MPITANTANA NY INTERSYNDICAL
SAHONDRA RABENARIVO
MIFANOHITRA AMIN'NY LALANTSAIN'NY LALAMPANORENANA IO
NAMETRAKA FEPETRA HAFA INDRAY ③
NATIONAUX
N°1


ANOSIALA AMBOHIDRATRIMO
LEHILAHY KENYANA, MATY TAO ANTRANO, EFA NAMOFONA NY RAZANA ⑥
MARINA IZANY ! ⑥
"TOKONY HIAIKY FA DISO"!
AMBOHITSOA
VEHIVAVY NABORIDANA, SAIKA NAOLANA ④
MITAKY FANAZAVANA NY "MEMORANDUM" NY DEPIOTE ⑥
MARESAKA NY VATO AN-TANTARAN'NY ANKIZY ②
Gazetiko
ONIVERSITE
"TSY HISY TAONA FOTSY, EFA MANDRAY FEPETRA NY MINISITERA" ⑦
NITOHY NY SAKOROKA, HIAKATRA FITSARANA ANIO I JEAN PIERRE ③
SONGADINA
ORLANDO R. HAMERINA NY LAZAN'NY "VILLAGE TOURISTIQUE" ⑪
MIDI FLASH HIVOAKA MANOMBOKA ANIO










### Fitakiana sy fitokonana
## Samy nihetsika ny mpianatra sy ny sendikàn'ny mpiasa

Efa nandritra ny taona maro no nisian'ny fitakiana sy fitokonana nataon'ny sendikàn'ny mpiasa sy ny mpianatra eny Ankatso sy Vontovorona, eny hatrany amin'ny oniversitem-panjakana any amin'ny Faritra. Ny volana aogositra 2015 dia nivondrona ho iray ireo sendikàn'ny mpiasa amin'ny toerampiasana maro miankina sy tsy miankina amin'ny fanjakana. Teraka tamin'izany ny farimbon-tsendikàly, na "Intersyndical". Isan'ny hitantsika amin'ny sary eto ny fitokonan'ny mpiasan'ny Jirama nitaky ny fialàn'ny tale jeneraly sy ny mpitantana tamin'izany niaraka tamin'ny farimbon-tsendikàly. Nafana ny fitakian'ny mpiasa tamin'izany ary nisy hatramin'ny Minisitera ananan'ny Jirama trosa no notapahina herinaratra. Nametraka fe-potoana 72 ora ny sendikà tamin'izany mba niantsoan'ny "Direction Générale" ny sendikà. Nitatra tany amin'ny Jiraman'i Finarantsoa sy Mahajanga ary Toliara ny fitokonan'ny mpiasa tamin'izany. Hatramin'izao mbola mitohy ny fitakiana ny zo sy ny tombontsoa ataon'ny sendikà sy fikambanana maro eto amintsika.

### Gidragidra teny Ankatso
## Tonga hatrany amin'ny firenena mikambana ny fitarainana noho ny famonoana mpianatra

Rehefa nandeha ny fitakian'ny mpianatra ny famoahana ny vatsimpianarana dia tonga hatramin'ny fidiran'ny mpitandro filaminana tao anatin'ny faritry ny oniversite izany. Voasambotra fanindroana i Jean Pierre Randrianamboarina, rehefa nolazaina fa mpitarika ny hetsiky ny mpianatra tamin'izany. Nitora-bato ny andia-mpianatra maro ary saika nandoro "taxiphone" iray teny Ankatso ny mpianatra nanao hetsika. Nosamborian'ny mpitandro filaminana sy nodarohana mafy i Jean Pierre R. mpianatra taona voalohany ao amin'ny lalam-piofanana Malagasy tamin'izany, tamin'io fiandohan'ny volana septambra 2015. Nilaza ny filohan'ny oniversite tamin'izany fa tsy nanao sonia ny fanesorana ny "franchise universitaire" na ny faritra tsy azon'ny mpitandro filaminana idirana. Niharan'ny vono sy naratra mafy ity mpianatra ity tamin'izany ary tonga hatrany amin'ny firenena mikambana ny fitarainana nataon'ireo mpiaro ny zon'olombelona eto Madagasikara tamin'izany. Fototry ny hetsiky ny mpianatra hatramin'izay ny fahataran'ny fandoavana ny vatsimpianarana sy ny fampitaovana. Hatramin'izao moa, vao tsy ela koa izay, no nitokona ny mpianatra eny Vontovorona noho ny olan'ny trano fonenana sy ny fahatapahan-jiro lava.

"Associations des artistes sportifs"

# Nampiray ny mpanakanto i Soa Rova sy Fandrama

Nahomby ny hetsika ara-panatanjahantena nokarakarain'ny "association des artistes sportifs et culturels", tarihin'i Mama Soa Rova sy ny mpanakanto Fandrama. Nampiray ny rehetra izany ho fanehoana ny fifankatiavana. Nifarana ny sabotsy lasa teo ny lalao ady baolina kitra, nifanatrehan'ny ekipa Androy Miray, izay nibata ny fandresena rehefa nandavo ny "FC mamawoé" tamin'ny alalan'ny "tirs au but" (5-2). *"Niavaka kokoa ny hetsika tamin'ity taona ity satria nisy ny fivondronanan'ny foko rehetra. Ankasitrahana ianareo birao rehetra nandrafitra sy nikarakara an' izao. Anisan'izany ny bet 261 izay manohana hatrany an'ity "association des artistes sportifs et culturels" ity. Marihina fa angady nanana sy vy nahitana izao hetsika izao ny mpanakanto Bemamy Fandrama, koa isaorana manokana izy. Ho ahy manokana dia misokatra hatrany rehefa resaka kanto, satria izaho dia mpanakanto ihany koa. Isika mitambatra no hahavita zavatra tsara toy izao ary izany koa no tanjona »*, hoy Soa Rova filohan'ny fikambanana Bet261.



**Ireo mpanakanto nikarakara ny hetsika "association des artistes sportifs et culturels".**

**Fahombiazana**

Efa tamin'ny taona 2005 no nanombohan'ny hetsika "*association des artistes sportifs et culturels*". Tany am-boalohany dia mpanankanto efatra fotsiny no mpandray anjara. *"Vitsy an'isa izahay tamin'izany, tsy nisy afa-tsy izaho, Tsiliva, Jaojoby, Vaiavy Chila, ary vilon'Androy. Nitombo isa anefa taty aoriana ka izao hitantsika izao ny fahombiazana. Koa entanina ihany koa ianareo mpanakanto zandry tsy hanavahana na iza na iza fa iray avokoa isika »*, hoy kosa i Fandrama raha nitafa tamin'ny mpanao gazety. Anisan'ny niara-niasa tamin' ny fanantontosana an'ity hetsika ity ny filoham-boninahitry ny Fikambanan'ny Teraka Androy eto Madagasikara, Atoa Goulamaly Baba tea longo ary nanohana mavitrika hatrany ny Bet 261, amin'ny maha mpiahy ny asa sosialy azy ireo.

**Ariel D.**

Dihy ara-panatanjahantena

# Mba ho "démonstration" amin'ny Lalaon'ny Nosy 2023 !

Tanjona ny hahatafiditra ny dihy ara-panatanjahantena amin'ny Lalaon'ny Nosy 2023. Io no nambaran-dRandrianarisoa Rijamanitra, filohan'ny F.M.D.S.S (Federation Malagasy de Danses Sportives et danses de Salon). Antony, hoy hatrany ity filoha ity ny fisian'ny "breaking" anatin'ny taranja ara-panatanjahantena, izay tafiditra hifaninanana amin' ny Lalao Olympika 2024, ka nahatonga antsika nangataka hoe mba atao fampisehoana fotsiny aloha ny dihy ara-panatanjahantena amin' io Lalao'ny Nosy io. Mbola anatin'ny fifampiresahana tanteraka anefa hatreto, hoy Randrianarisoa Rijamanitra satria dia mbola eto Madagasikara sy atsy La Réunion, comité régionale ihany no manana federasiona. Tokony ho firenena telo anefa vao afaka mangataka amin'ny CIJ, ka ho hita eo ny tohiny, hoy hatrany ity filohan'ny F.M.D.S.S ity.

*Manana fahaizana ny mpandihy saingy mila tohana ara-teknika, hahafahany manatsara ny dihy, ilaina koa ny fifaneraserana amin'ny any ivelany, hahazoana mivelatra sy mandroso.*

**Medaly volafotsy !**

Mahakasika ity taranja dihy ara-panatanjahantena ity hatrany, nanana solontena niatrika ilay fifaninanana "challenge multidance" tatsy La Reunion isika tamin'ny faran'ny herinandro teo. Tsara ny vokatra satrria dia nandrombaka medaly volafotsy i Toky sy i Valencia, teo amin'ny taranja dihy "Latine couple. Avy any Antsirabe izy ireto, izay tsiahivina fa noho ny tsy fahafahan'ny tompondaka sy ny tompondaka lefitra diany « couple » laharana fahatelo tamin'ny fiadiana ny tompondakan'i Madagasikara ireto nandeha ireto. Nohamafisin-dRandrianarisoa Rijamanitra fa tsy mora ny niandry tany La Réunion satria dia nisy mpandihy sangany avy any Frantsa nandray anjara, ary izy mihitsy no nahazo izany.

**Rabenaivo**



**Nanandratra avo ny voninahim-pirenena tatsy La Réunion izy ireto.**

Fitahiana Rasendrahasina

# Hamelabelatra mikasika ny mozika sy ny vanim-potoana eny Tsimbazaza

"*Mozika volavolain'ny vanim-potoana sa mozika mamolavola vanim-potoana ? Aiza ho aiza isika izao ? »*. Io no lohahevitra hovelabelarina sy hifampizaran'i Fitahiana Rasendrahasina, mpampianatra mozika sady mpitarika antoko mpihira, nianatra tao amin'ny Calvin University, Grand Rapids-Michigan tany Amerika. Eny amin'ny Ivontoerana Miangaly Tsimbazaza no hifamotoanany amin'ireo rehetra liana amin' io hetsika io. Izany dia hotanterahina rahafak'ampitso zoma 24 martsa 2023 manomboka amin'ny 1 ora tolakandro ka hatramin'ny 2 ora folakandro (adiny iray ihany). Fa iza moa ity Fitahiana Rasendrahasina ity ? Inona no antony mahasarika azy hanompana ny famelabelarana ataony amin' io lohahevitra iray io ? Inona no tanjona kendreny ao anatin'izany fifampizarana izany ?

I Fitahiana Rasendrahasina dia mpampianatra mozika, mitarika ny antokom-pihira mitondra ny anarana hoe "ICanto" no sady mpihira lyrika ihany koa. Nianatra sy nivoaka tao amin'ny sekoly ambony iray tany Etazonia, antsoina hoe Calvin University izy. Efa nisehatra tamin' ny tontolon'ny mozika klasika sy ny opera tany Etazonia ihany koa. Ny antony nifidianany ilay lohahevitra hoe : "mozika volavolain'ny vanim-potoana sa mozika mamolavola vanim-potoana", araka ny fanazavany, dia hoe : *"manan-danja ny mozika eo amin'ny fiarahamonina. Ankoatra ny mahakanto sy siansa ny mozika dia saro-pady izy, satria manana toetra sy akony miantefa mivantana any amin'ny toe-tsaina sy toe-pon'olona. Afaka mamolavola olona amin'ny ankapobeny izy. Ny amin'ny zoma sady famelabelarana ny tantaran'ny mozika hatramin'ny 35,000 BCE no famakafakàna ny toetry ny mozika ankehitriny sy ny mety ho avin'ny mozika eo amin'ny fiaraha-monina"*, hoy izy.

Araka ny fanazavany dia "*misy ifandraisany amin'ny kolontsaina ankapobeny izany ny famelabelarankevitra. Ny zava-kendrena dia ny hamerina ny hasin'ny mozika mamolavola olona*", hoy ihany izy. Koa izay liana amin'izany famelabelarana izany, dia tongava eny amin' ny Ivontoerana Miangaly Tsimbazaza amin'ny zoma izao.

**Fy**



**Izy no Fitahiana Rasendrahasina.**


## TOLOTRA MANOKANA Gazetiko

Noho ny fahatratraran'ny Gazety GAZETIKO ny faha 20 taonany dia misy tolotra manokana amin'ireo " petites annonces" izay 500 ariary isan'andro. Atero aty amin'ny MIDI PUBLICITE 6, lalana Robin Ramelina Andohan'Analakely Ambatonakanga na aty amin'ny foiben'ny GAZETY Ankorondrano ny "Petites annonces".

*Izay tonga aloha tompon-tanindrazana.*

***Fenoy amin'ny sora-baventy ny tapakila eto ambany ary atero amin'ny adiresy voalaza etsy ambony.***

Anarana : Fanampiny :

Adiresy : Nomerao C.I.N Tél. :

Antananarivo Renivohitra

# "Mbola tsy afaka miasa ara-dalàna ireo taksy môtô", hoy ny talen'ny kabinetran'ny kaominina

*Efa misy komity mandinika ny pitsopitsony momba ny taksy môtô.*

Mihabetsaka ireo mirotsaka amin'ny fanaovana taksy môtô eto an-dRenivohitra. *"Raha ny tokony ho izy dia mbola tsy afaka miasa ara-dalàna ireo taksy môtô. Ny teo anivon'ny filankevitra monisipaly no nanapaka ny fanomezan-dalana ho azy ireo. Amin'ny maha fitateram-bahoaka azy dia maro ireo pitsopitsony mila jerena, toy ny fametrahana fitsirihana ara-tekinika, ny fitandroana ny lafiny ara-pahasalamana, ny loko sy ny akanjo tokony iombonana, sns. Efa misy komity miasa amin'ny fandinihana ireo pitsopitsony ireo"*, hoy ny talen'ny kabinetran'ny fiadidiana ny tanànan' Antananarivo. Nambarany mihitsy aza, nandritra ny fivahinianany tamin'ny fandaharana mandeha amin'ny haino iray, fa mety tsy hahavita fitaterana ohatra ireo môtô manana tanjaka ambanin'ny 50 cc ary mila heverina koa, hoy ity tompo-nandraikitra ity, ny fandotoana tontolo iainana aterak' ireo môtô manetroka, toy ny sokajy "2 Temps". Tsiahivina fa efa intelo nampidirina tamin'ny fivorian'ireo mpanolotsaina ny tanànan'Antananarivo ny lahadinika momba ny fanomezan-dalana ny taksy môtô vao lany. Nandritra ny fanaovana ny fihibohana tamin'ny "Covid-19" no tena nampirongatra ity karazam-pitaterana ity, ary tsy nisy mihitsy ny fandraisana fepetra natao tamin'izy ireo mandraka ankehitriny, na dia misehatra ao anatin'ny tsy ara-dalàna aza. Teo indrindra no nahatonga ireo mpisehatra amin'ny taksy ara-dalàna nampiaka-peo sy nanao fanoherana, satria nahatsiaro ho maty antoka amin'ny fisongonana ny asany andaniny ary noho ireto farany tsy mandoa hetra amin'ny kaominina ankilany.

**R. Muray**

Fiahiana ara-tsosialy

# Nahazo ny laharana faharoa amin'ireo tohan-kevitra Cipres mendrika i Madagasikara

Samy nandray anjara tamin' ny fifaninanana tohan-kevitra nokarakarain'ny "Conference Interafricaine de la Prévoyance Sociale", na Cipres, ireo firenena 17 mikambana ao aminy. Tanjona tamin'izany ny hanelezana fankasitrahana izay tohan-kevitra tsara indrindra amin'ny fampivoarana sy fanomezana vahaolana vaovao amin'ny olana ara-tsosialy ao amin'ny faritry ny CIPRES. Lohahevitra fotora tamin'izany kosa ny "Prix Cipres, pour la promotion de la sécurité sociale au sein des états membres". Nisokatra tamin'ny novambra 2021 ny fifaninana ary nifarana tamin'ny 31 oktobra 2022 ka nisokatra ho an'ireo mpianatra eo amin'ny taona fitakiana ny latsakemboka amin'ny fomba tsotra sy antery eo anivon'ny tahirimpirenena misahana ny fiahiana ara-tsosialy any Niger

> *"Notolorana maripankasitrahana manokana i Lira Ravalison, nitondra avo ny anaran'i Madagasikara"*

fahadimy amin'ny fianarana ambony. Olona telo no nahazo ny amboara ka nibata ny laharana voalohany, nahazo loka 5 000 000 FCFA, i Samalia Djibrina avy ao Niger.

**Latsakemboka**

Tohan-kevitra mikasika ny fomba hanatsarana ny no nataony. Nahazo ny laharana faharoa kosa i Lira Mejatiana Ravalison, avy eto Madagasikara, tamin'ny tohan-kevitra hoe "Ny psikolojian'ireo mpikambana manoloana ny fiahiana ara-tsosialy", ary notoloran'ny CIPRES 2 500 000 FCFA. I Koumantéga Koussalima avy ao Togo, nahazo ny laharana fahatelo tamin'ny tohan-kevitra hoe "Ny Fiahiana ara-tsosialy ho an'ny mpiasa monoloana ny fitovian-jo", ary notoloran'ny CIPRES 1 000 000 FCFA. Omaly no notolorana maripankasitrahana manokana Ravalison Lira ka ny minisitry ny Asa, ny Fampananana asa, ny Asam-panjakana ary ny lalana sosialy Rivotiana Richard Jean Bosco, notronon'ireo olomanankaja maro tetsy amin'ny foiben'ny Cnaps Ampefiloha.

**Nath**

Dr Eric Naivolala Andrianasolo

# Valan'aretina anisan'ny nandripaka betsaka indrindra teto ny pesta sy ny covid-19

Anisan'ny mpitsabo niaina mivantana ireo karazambalanaretina nifandimby teto ny Dr Eric Naivolala Andrianasolo. Anisan'ireo valanaretina tena natahorana ny pesta tamin'ny 2018 sy 2019 ary ny covod 19. *"Andraikitra goavana raisinay mpitsabo ary nekena ny hitsabo olona, kanefa dia niahiahy ihany amin'ny mety hifindran'ny aretina. Maro tokoa ireo mpitsabo voa. Fa ny tena natahorana dia ny hitondra ny aretina any amin'ny fianakaviana. Nipetraka foana ny tebiteby tamin'izany"*, hoy ny Dr Eric Naivolala Andrianasolo. Raha ny pesta manokana no asian-teny, misy ireo faritra sy toerana tsy maintsy ahitana izany isantaona, ilay antsoina hoe "foyer pesteuse". Raha ilay karazam-pesta atoditarimo dia azo ambara fa betsaka kokoa raha oharina amin'iay pesta aretin-tratra, izay mora mifindra kanefa sady mora mamono raha tsy voatsabo ara-potoana. Amin'ny maha aretina vaovao ny



Izy no Dr Eric Naivolala Andrianasolo.

covid 19, nitombo kokoa ny fahamailoana ary mbola nipetraka foana ilay tahotra amin'ilay hifindrany sy ny hitondrana ilay valanaretina any amin'ny vady amanjanaka.

**Efa miova**

*"Samy nitondra ny anjara birikiny daholo ny dokotera miasa eny amin'ny fanjakana na tsy miankina. Adidy amin'ny tanindrazana ilay izy ka tsy maintsy noefaina, ka eto aho dia maneho indray ny fisaorana antsika mpiasan'ny fahasalamana rehetra, tsy niraviravy tànana"*, hoy hatrany Dr Eric Naivolala Andrianasolo. Misy foana ny fivoaran'ny fitsaboana, toy ny siansa rehetra ihany. Ny marina omaly efa miova ny ampitso. Maro ireo fanafody efa nesorina teo amin'ny tsena noho ny fahitana tranga ratsy. Maro koa anefa ireo fanafody vaovao. Anisan'ny fitaovana niova indrindra tao anatin'izay 25 taona izay ny radiographie, scanner IRM ary ny echographie doppler. Manampy tokoa ireny amin'ny fitsaboana satria efa tena azo antoka ny diagnostic vao mitsabo. Izay rahateo no antom-pisian'ny fitiliana mialoha. Tsy misy na fanafody na fomba fitsaboana ka tsy misy vokadratsiny. Izay no antony hiantsoana ny rehetra mba hametraka ny fahasalamany amin'ny matihanina. Ankehitriny, mirongatra ireo mpisandoka ka apetraka amin'ny tsiairay ny fanavahana ny tena mpitsabo sy mpisandoka. Mety hahitan-doza tokoa mantsy ny tsy fitandremana kely.

**Nath**

Tetikasa LEAD

# Nahazo fampitaovana fiara 50 ny JIRAMA

Manohana ny fanarenana ny orinasa JIRAMA amin'ny alalan'ny tetikasa LEAD (Least-Cost Electricity Access Development) ny Banky Iraisam-pirenena. Notanterahina omaly, teny Antanetibe Ilafy, ny fanolorana ireo fiara "Camionnettes" miisa 50, izay nahazoana famatsiam-bola avy amin'ity tetikasa ity. Mbola misy fiara tsy mataho-dalana sy kamiao misy fibatana entana mavesatra andrasana ho avy ao anatin'ity fampitaovana ity. Haparitaka amin'ny masoivoho 14 eto Antananarivo sy any amin'ny faritra iasan'ny JIRAMA manerana ny Nosy ireto fiara ireto. Hampiasaina amin'ny fanafainganana ny asa fitaterana ireo kojakoja sy kaontenera hoentina manatanteraka ny "Branchements Mora" manerana ny Nosy, ny fitaterana ireo fitaovana ampiasaina amin'ireo asa fanatsarana sy fanitarana ny tambajotra, ny fanatanterahana ny asa maika amin'ny fanarenana ny fahatapahan-jiro sy rano, ary ny fampidirana ireo jiro mbola mihantona. Tonga nanolotra ny fampitaovana teny an-toerana ny Minisitry ny angovo sy ny akoranafo. *"Handray anjara amin'ny fanatsarana ny tolotra eto anivon'ny JIRAMA ireto fiara ireto. Rehefa misy ny asa fanarenana maika atao dia sahirana ireo teknisianina noho ny tsy fahampian'ny fiara. Talohan'izao fampitaovana izao dia nanofa fiara ny JIRAMA. Hotazonina ihany ireo nofaina mba hoentina manampy ireto fiara ireto, izay mijanona ho fananan'ny JIRAMA. Mbola tsy ampy ny fampitaovana ary tena mampitaraina ireo teknisianina, ka iezahana ny hitady famatsiam-bola hamahana ny olana."*, hoy ny Minisitra Solo Andriamanampisoa. Nilaza koa ny Minisitra fa amin'ny faran'ny volana aprily ho avy izao raha tara indrindra no hanomboka ny fampidirina jiro amin'ny vidin'ny mora ho an'ireo tokantrano marefo amin'ny alalan'ny tetikasa "Branchements Mora".

**R. Muray**

Fiahiana sosialy

# Lesoka ny tantsoroka nomena an'ireo mpisitraka



**Efa miezaka amin'ny fanomezana fahafam-po an'ireo mpisitraka ny fitondram-panjakana.**

Fianakaviana 600 000 no efa nisitraka ny tohana avy amin'ny fanjakana raha ny fiahiana sosialy eto Madagasikara. Isan'ireny ny vatsin'Ankohonana, ny haraton'aina, ny tosika fameno ary efa fianakaviana maro no nahazo tombontsoa tamin'ny fisitrahana haraton'aina eto amintsika." *Ny lesoka hita voalohany amin'io dia ny tantsoroka nomena an'ireo mpisitraka taorian'ny nahazoany ny fanampiana ara-bola azony. Raha manan-janaka telo ohatra ny renim-pianakaviana iray dia ny roa ihany no mandeha mianatra, kanefa ny tantsoroka tadiavina anatin'ny fanampiana ara-bola ireny dia mba halefa any am-pianarana mahazo fahalalana ny ankizy rehetra. Teo ihany koa ny tantsoroka natao, satria tsy mazoto manatona ny toeram-pitsaboana akaiky azy ireo mpisitraka nidinana teny ifotony"*, hoy Atoa Rivomanana Ghisbert, tale jeneralin'ny fiahiana sosialy eo anivon'ny Minisiteran'ny mponina. Na izany aza dia mbola maro ireo tsy nisitraka ny fiahiana ara-tsosialy eto amintsika noho ny enti-manana, manoloana ny zava-misy manerantany, ka tsy maintsy hisy fanitsiana sy fanavaozana araka izany ny paikady ahafahana manatsara ny fiahiana sosialy eto amintsika. Etsy ankilany dia vao mainka vesatra ho an'ireo olona nisitraka ny fiahiana sosialy ny fiakaran'ny vidimpiainana. Na izany aza ny tanjona dia ny hampitomboina hatrany ny isan'ireo fiankaviana marefo misitraka ny fiahiana ara-tsosialy manerana ny nosy mba hialan'izy ireo ao anatin'ny fahantrana lalina sy fianakaviana marefo.

**Heriniaina A.**

## Sarisary zary tenany

*Manaikitra*




## Hatsikana an-tsary

*Regléo*




## Masoandro Miposaka

**1 Timoty 1 : 12**

Misaotra an'i Kristy Jesosy Tompontsika aho, Izay nampahery ahy, fa nataony mahatoky aho ka notendreny ho amin'ny fanompoana,

## Indray mipika




Nanatontosa ny pejy

Nil : Tel: 033 07 465 05




Tantara sy sary: Nil

## Ohabolana



**Ody zazam-Bonizongo, ka samy manao izay hahalava fe ny zanany.**

Les remèdes des enfants du Vonizongo : tous, (c.à.d. les parents), ils les donnent pour allonger les cuisses de leurs enfants.

## Sudoku

Fenoy isa 1 hatramin'ny 9 ny banga. Aoka tsy hiverina ny isa isaky ny andalana na ao anaty faritra efajoro.

Laharana 2909

| | | | | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| 9 | | | | | | 1 | 5 | |
| | | | 2 | | | 8 | | 7 |
| | | | 5 | 3 | | | | 9 |
| | | | | 2 | 1 | 6 | | |
| 7 | | 1 | 6 | | | | | |
| | | | 8 | | | | | |
| | 1 | 5 | 3 | 8 | | | | |
| | 4 | | | | | | 1 | |
| | | 3 | | 4 | 6 | | 2 | |

Valin'ny laharana 2908

| | | | | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| 5 | 8 | 2 | 3 | 4 | 6 | 1 | 7 | 9 |
| 7 | 1 | 9 | 2 | 5 | 8 | 3 | 6 | 4 |
| 3 | 6 | 4 | 9 | 1 | 7 | 8 | 2 | 5 |
| 8 | 5 | 6 | 7 | 3 | 1 | 4 | 9 | 2 |
| 9 | 7 | 1 | 6 | 2 | 4 | 5 | 8 | 3 |
| 2 | 4 | 3 | 8 | 9 | 5 | 6 | 1 | 7 |
| 1 | 2 | 5 | 4 | 8 | 9 | 7 | 3 | 6 |
| 6 | 9 | 8 | 5 | 7 | 3 | 2 | 4 | 1 |
| 4 | 3 | 7 | 1 | 6 | 2 | 9 | 5 | 8 |

Kaominina Alasora

## Mampiasa rindrambaiko hanamorana ny asa

Mihamivoatra ny fampiasana ny tontolon'ny informatika ka efa manomboka miala amin'ny masinina fanoratana efa nampiasana tamin'ny taonjato faha-XX ny kaominina amin'izao. *"Raha ny teo aloha dia maharitra indray andro vao nahazo ny kopia nampanambodriny ny olona ary ny fara-fahaingany indrindra dia aterina maraina ary alaina ny hariva. Amin'izao kosa anefa dia minitra vitsy dia efa mahazo izany ny mponina eto aminay. Raha ny isan'ny mponina sy ny haben'ny kaominina dia fandaniana andro ny fakana kopia raha indray andro tontolo. Izany no anton'ny ezaka natao mba tsy hivezivezen'ny olona raha haka kopia ety amin'ny kaominina"*, hoy Atoa Jimmy Randriantsoa, ben'ny tanànan'Alasora. Ezaka amin'ny fanarahana ny fandrosoana amin'ny fampiasana ny teknolojia vaovao no atao, hoy ity farany. Tanjona ny hisorohana ny mety ho hosoka misy, ary ny mba hanafainganana ny asa ka hanamora ny fahazoan'ny mponina ny sora-piankohonana no antony ampiasan'ny kaominina ambanivohitra Alasora an'ity rindrambaiko manokana ity. Ny taona 2022 no efa nampiasa an'izany ireo mpiasa mikirakira an'izany eo anivon'ity kaominina ambanivohitra ity.

**Fahafam-po**

Amin'izao dia mbola ny 50 isanjaton'ny firaketana antsoratra ihany no tafiditra amin'io rindrambaiko io, noho ny tsy fahampian'ny hoenti-manana ahafahana mividy ny fitaovana mahavita ny asa hanomezana fahafam-po ny mpanjifa ao amin'ny kaominina. *"Antony tsy mbola mahatafiditra 100 isanjato azy dia noho ny hoenti-manan'ny kaominina Alasora, satria mila olona tsy maintsy mampiditra azy izany ka mila fitaovana ihany koa. Enina mianadahy no manatanteraka ny fampidirana an'ireo sorapiankohonana ao anaty rindrambaiko. Raha natao ny kajikajy dia tokony ho vita alohan'ny telo volana farany amin'ity taona ity ny fampidirana manontolo ny sorapiankohonana ao anatin'ny logiciel"*, hoy hatrany Atoa Randriantsoa Jimmy, ben'ny tanànan'Alasora. Hatreto dia manana vina hampidirana 100 isanjato an'ireo anarana rehetra anaty boky niraketana an'ireo kopia ny ao amin'ity kaominina ity mba hahamora ny fanjifan'ny mponina an'izany. Fantatra fa tsy ny kopia nahaterahana ihany fa ny fanambadiana, ny fahaterahana, ny fananganana ary ny fahafatesana dia samy azo raisina ao anatin'ny minitra vitsy eo anivon'ny kaominina avokoa.

**HAR**



**Isan-taona dia misy hatrany koa ny fanomezana kopia faobe ho an'ireo tsy mbola manana an'izany.**

**Gazetiko**
novokarina sy natontan'i
MIDI MADAGASIKARA S.A.
Sosaiety tsy anavahana anarana
manana renivola
Ar 37 452 000
Talen'ny Fanoratana :
Lucien RAHARISON
034 34 697 06
Talen'ny Famoahana sady
Tonian'ny Fanoratana :
Herivonjy RAJAONAH
034 34 697 10
Birao sy fandraharahana :
Lalana Ravoninahitriniarivo
B.P. 1414 - Antananarivo
Tél.: 22 697 79 / 22 697 80
Fax. 22 273 51
e-mail:midigazetikom@gmail.com
D.L.I.: 15 998 - 03 - 23
Isan'ny natonta : 25 000

*Nahandro*

### Lasopy laisoa

**Zavatra ilaina :** laisoa maitso 1, nofon'akoho 250g na « lard » kely 250g, tongolo be 3, karaoty 3, ovy 3, jirofo 1, fromazy 150g

Teteho manify ny laisoa. Andrahoy kosa ny nofon'akoho na ny "lard" tesy ankilany. Arotsahy ao ny laisoa, ny tongolo be sy ny jirofo ary ny karaoty. Andrahoy miaraka. Arotsahy ao koa ny ovy voatetika. Samy ataovy anaty lovia ny fromazy dia araraho eo ambony ny lasopy. Arosoy mafana.

### MANAMPY ANAO

**PERMANENCES**
**18 mars au 24 mars 2023**

**PHARMACIE DE GARDE**
**Périphérie d'ANTANANARIVO**
**24H/24H et 7j/7**

Andoharanofotsy - 032 05 479 84 / 034 20 479 84
Grazia - Itaosy- 034 67 733 62
Anosizato - 020 22 631 43
Ambohibao - 020 22 482 64
Avaradrano - Analamahitsy- 020 22 423 65
Amboditsiry - 020 22 528 21
Soleil - Andrononobe - 034 20 356 51
Hasin'ny Aina - Mandroseza- 034 99 776 21
Ivato - 020 22 442 95
Ambohidratrimo - 034 29 358 45
Jade - près Horizon Ivato - 034 87 340 94
Sabotsy Namehana - 034 88 001 03
Amboara - Anosiala - 034 52 610 64
Ambohimahitsy - 034 33 304 17 / 034 95 882 30
Ambohimangakely - 034 25 372 52
Fenoarivo - Fenoarivo Alakamisy- 034 33 161 75
Fitiavana - Ankadikely - 020 22 436 33
Amoronakona By Pass - 034 36 115 15
Palais - Mandrimena Iavoloha - 032 42 713 67
Ankadindratombo - 032 82 588 02/034 02 588 02
By Pass Alasora - 032 12 525 25 / 034 98 525 25
Abondance - Ifarihy Ankaraobato - 034 75 214 36
S Namehana - Sabotsy Namehana - 034 81 689 47
Mitondrasoa - Fenoarivo - 034 01 707 07
Bongatsara - Bongatsara Iavoloha - 034 07 742 23
La Colombe - Itaosy - 034 60 396 61 / 033 64 280 42
Soa Ny Aina -Tsarahonenana - 034 31 018 20
MA Pharmacie - Ambohijanaka - 032 11 102 11
Ankaraobato en face CSBII - 034 64 330 62

**A.M.I.T.**
BEHORIRIKA TEL 22 303 83 / 22 383 52
ANTANIMENA TEL 22 303 86
TALATAMATY TEL 22 588 51
ANKADIMBAHOAKA TEL 24 819 81

**OSTIE**
AMBOHIMANARINA TEL 23 253 78
TANJOMBATO TEL 22 464 87/22 477 61

**AMBULANCE**
- SERVICE DES URGENCES MPITSABO MIKAMBANA TEL: 0349023555 / 0334823555
- AMBULANCE MUNICIPALE TEL 22 200 40 /033 65 333 22 / 033 65 444 22 / 033 65 555 22
- AMBULANCE POLYCLINIQUE D'ILAFY 24/24 TEL 22 425 66 / 22 425 69 / 22 425 73
- MEVA MEDICALE SERVICE TEL 033 11 195 33 / 032 04 922 69
- CDU (Centre de diagnostique et d'urgence médical) TEL 22 329 56/ 032 07 822 28/ 033 11 822 28
- AMBULANCE CLINIQUE DE TANJOMBATO TEL 033 11 313 85
- MATERNITE MARIES STOPES AVADOHA TEL 22 418 36 / 032 07 418 36 / 033 11 094 11
- CENTRE MEDICAL ANDRINDRA MIANDRARIVO AMBANIDIA (MANAKAMBAHINY) TEL 020 26 057 94 / 03316 057 94/ 034 20 057 94 (24h/24)
- CARE & MEDICAL ASSISTANCE HOSPITAL - 22 200 32 / 034 40 389 05 / 033 12 836 60 / 033 15 836 60
-AMBULANCE ET URGENCE CRTM-OI - 034 01 015 55 / 032 07 255 52

**HOPITAUX ET CLINIQUES**
- CLINIQUE MPITSABO MIKAMBANA 24/24 ROUTE DE L'UNIVERSITE AMPASANIMALO TEL: 034 90 235 55 / 033 48 235 55
- CLINIQUE REINE MARIE- 4 RUE JOSEPH RAMA-NANDRAIBE
- IMMEUBLE RALISON -ANTANIMENA
- OUVERTURE 24h/24 Tél. : 034 20 239 72
- CENTRE HOSPITALIER DE SOAVINANDRIANA (HOMI) EX-GIRARD ET ROBIC TEL 23 397 51
- HOPITAL JOSEPH RAVOAHANGY ANDRIANAVALONA (HJRA) TEL 033 11 890 58 / 22 279 79
- HOPITAL JOSEPH RASETA BEFELATANANA TEL 22 223 84
- LINIQUE MEDICO-CHIRURGICALE IMAHO ANALAMAHITSY TEL 034 01 651 99 / 033 03 875 61 / 032 04 680 06
- CLINIQUE MEDICO-CHIRURGICAL ST PAUL AMBATOROKA TEL 22 271 47

Manombobe Andohan'Ilakaka

## Omby 23 maty nilatsaham-baratra



**Nahonena ny nahita ireo omby marobe maty niampatrampatra. (Sary nindramina)**

Zava-doza no nitranga tao Manombobe, kaominina ambanivohitra Andohan' Ilakaka, distrikan'Ihosy, faritra Ihorombe. Omby miisa 23 sy alika 1 no maty nilatsaham-baratra, afak' omaly tokony tamin'ny 5 ora sy sasany hariva. Tsy nisy azo natao nanavotana ny ain'ireto biby ireto, satria maty teo no ho eo ihany. Rehefa natao ny fanadihadiana dia olon-tokana ihany no tompon'ireto omby ireto. Rava fananana tao anatin' ny indray mipi-maso ity tompon'omby ity, satria mbola ny omby no entina mamaritra ny harenan'ny olona iray any amin'ny faritra Atsimon'ny Nosy iny. Iaraha-mahalala koa fa ny omby dia anisan'ny biby tena misintona varatra noho ity farany be fofonaina. Na izany aza, tsy nisy ny ain'olon nafoy na olona naratra tamin'ny fotoana nilatsan'ny varatra tao antoerana.

**R. Muray**

Traboina tamin'i Freddy

## Nihazo an'i Toliara omaly ireo kamiao 10 nitondra fanampiana

Mbola tsy tafarina ny fahavoazana navelan'ny rivodoza Freddy. Nanainga omaly teny amin'ny BNGRC (Bureau national de Gestion des Risques et des Catastrophes) Iavoloha ary nihazo an'i Toliara ireo kamiao 10 nitondra fanampiana ho an'ireo traboina. Vary sy menaka ary voamaina milanja eo amin'ny 165, 5 taonina no nentin'ireto fiarabe ireto, izay hositrahin'ny tokantrano 17 185 any amin' ireo distrika nolalovan'ny rivodoza, dia Morombe, Toliara II, Sakaraha, Betroka Atsimo, Ampanihy Andrefana, Benenitra, Ankazoabo, ary Beroroha. Ao amin' ny faritra Atsimo Andrefana no tena misy ireo traboina, satria ao avokoa ireo tokantrano 12 410 hisitraka ity fanampiana ity. Hahazo anjara fanampiana koa ny any Betroka na dia tsy nandalovan'ny rivodoza aza, noho ny fahasahiranana mianjady amin'ny vahoaka any an-toerana. *"Tafiditra ao anatin'ny asa iandraiketan'ny BNGRC sy ny fanatanterahana ny toromarika avy amin'ny Filoham-pirenena sy ny Praiminisitra lehiben'ny governemanta ny fanaovana izao hetsika fanampiana maha olona izao. Anisan'ny nanampy tamin' ny fandefasana ireto fanampiana ireto ny avy amin'ny fiadidiana ny Repoblika sy ny mpiara-miombona antoka, toy ny PAM (Programme Alimentaire Mondial). Efa mihena any amin'ny 70 ka hatramin'ny 80 isanjato ny rano any Toliara sy Morombe, ary efa miverina mianatra tsikelikely ireo mpianatra"*, hoy ny tale jeneralin'ny BNGRC, Jly Elack Olivier Andriankaja.

**R. Muray**

## TELEFAONINA ILAINA

- MEDICAL SERVICE CLINIQUE MEDICO-DENTAIRE LOT IVR 20 ANTANIMENA (24/24) TEL 22 641 93
- CROIX BLEU DE MADAGASCAR SIEGE ANTANINANDRO - PROBLEME D'ALCOOLISME ET DE OXICOMANIE TEL/FAX 22 324 59 / 22 634 62 / 033 11 442 77 / 032 07 545 30
- MARIE STOPES INTERNATIONAL MATERNITE CLINIQUE LOT II P 136 BIS AVARADOHA TEL 22 418 36 / 033 11 084 11
- CLINIQUE ET MATERNITE ST FRANCOIS ANKADIFOTSY - TEL 22 235 54
- POLYCLINIQUE D'ILAFY AMBOHITRARAHABA (24/24) TEL 22 425 66 / 22 425 69 / 22 425 73 / 033 11 073 91 / 032 07 243 28 / FAX 22 425 64
- TOBIM-PITSABOANA LOTERANA AMBOHIBAO (HOPITAL LUTHERIENNE) TEL 22 441 88 / 22 485 17 (24/24)
- CENTRE DE SANTE BEHORIRIKA TEL 22 641 28 / 22 603 63 / 033 11 458 48 / 032 07 409 38
- CLINIQUE MEDICO-CHIRURGICALE DE TANJOMBATO - LOT III A 42 - TEL 22 571 94/ 033 11 058 00
- PAVILLON SAINTE FLEUR CENTRE HOSPITALIER UNIVERSITAIRE JOSEPH RAVOAHANGY ANDRIANAVALONA AMPEFILOHA - TEL 22 661 04 / 22 663 93 FAX 22 660 82
- CENTRE DE SANTE SAINT MICHEL ANDRAVOAHANGY - TEL 033 16 028 62
- CARREFOUR MEDICAL AMPARIBE (Médecine générale) LOT VH 39 BIS TEL 22 651 59 (7j/7 - 24h/24)
- CENTRE MEDICAL AMBATOMENA (IMMEUBLE SICAM ANALAKELY) TEL: 22 211 70
- CENTRE MEDICAL ANDRINDRA MIANDRARIVO AMBANIDIA (MANAKAMBAHINY) - TEL 020 26 057 94 / 03316 057 94/ 034 20 057 94 (24h/24)
- CENTRE MEDICAL COLISEUMTEL 034 03 847 39 - 032 99 286 69 (7/7 - 24H/24)

ESPACE MEDICAL / SOS Médecins
- AMBODIVONA TEL 22 625 66/ 034 02 088 16/ 034 02 00 911

CARE & MEDICAL ASSISTANCE HOSPITAL
- IMMEUBLE OSTIE ANOSIBE 1er ETAGE TEL 22 200 32/ 034 40 389 05 / 033 12 836 60 / 033 15 836 60

CENTRE DE CONSULTATION AROVY ATRIUM ANKORONDRANO
Urgences : 032 23 217 17 (24/24 - 7/7)

**POMPIERS**
- TSARALALANA TEL 18 / 118 (Airtel) / 22 390 30 / 033 15 500 86
- AMBOHIMANARINA TEL 033 15 501 76

**POLICE SECOURS - GIR**
- TEL 22 357 09 / 22 357 10 / 117

**COMMISSARIATS**
- 1er ARRONDISSEMENT ANALAKELY TEL 22 280 54
- 2e ARRONDISSEMENT AMBOHIJATOVO TEL 22 309 46
-3e ARRONDISSEMENT ANTANINANDRO TEL 22 291 30
- 4e ARRONDISSEMENT ISOTRY TEL 22 280 51
- 5e ARRONDISSEMENT MAHAMASINA TEL 22 280 48
- 6e ARRONDISSEMENT AMBOHIMANARINA TEL 22 225 52
- 7e ARRONDISSEMENT 67 HA TEL 22 291 29
- 8e ARRONDISSEMENT ANALAMAHITSY CITE TEL 22 493 25
- POSTE DE POLICE AMPEFILOHA TEL 22 280 46
- POSTE DE POLICE MAHATONY TEL 22 242 22

HUISSIERS
- MAITRE RAKOTONOMBANA BAHOLY LOT III E 39 AMPATSAKANA - TEL 034 18 690 20
- MAITRE RANDRIAMBOLOLONA DELACY LOT30 A IMERINAFOVOANY TEL 032 41 860 50/ 34 468 05

Kanetibe - Lalaon'ny Nosy 2023

## Seleksiôna no handrafitra ny ekipam-pirenena

Taorian'ny nanalan'ny Federasiona Iraisam-pirenena ny sazy ho an'i Madagasikara, mihazakazaka ny toe-draharaha eo anivon'ny FSBM. Nambaran'ny filohan'ny federasiona, Andriamilerovason Amir, fa efa mitady hevitra hampiakarana haingana ny haavo teknikan'ireo mpilalao izy ireo, satria nihena ny fahavitrihan'izy ireny teo na dia nisy hatrany aza ny fifaninanana natrehina. Efa nifampidinika tamin'ny teknisiana ny eo anivon'ny FSBM, hoy izy, ka ny handrombaka 100% ny medaly volamena amin'ny Lalaon'ny Nosy no tanjona. Nanamafy izany Ramarokoto Jeannot, Tale teknika Nasionaly, fa hatao seleksiona ny ekipam-pirenena handray anjara amin'ny JIOI. Medaly 8 no iadivana, hoy izy, dia ny olon-telo miaraka lehilahy sy vehivavy, olon-droa miaraka sy ny « tir de precision ». Efa nambarany sahady fa hatao amin'ny 17-18-19 jona izao ny fiadiana ny tompondakan'i Madagasikara ho an'olon-telo miaraka. Nambaran'ny filohan'ny FSBM, fa efa fantatra avokoa ireo tetiandro hanaovana ny fifaninanana iraisam-pirenena, toy ny fiadiana ny tompondaka eran-tany hatao any Bénin amin'ny septambra. Handray anjara isika, hoy ny filoha Amir, satria efa nahazo ny tapakila hiatrehana izany isika tamin'ny herintaona. Eo ihany koa ny fiadiana ny tompondaka erantany ho an'ny vehivavy sy juniors, hatao any Thailand amin'ny novambra. Handray anjara amin'izany isika, hoy hatrany ity filohan'ny federasiona ity. Ankoatra izay, amin'ny marsa 2024 no hanaovana ny tompondakan'i Afrika any Maraoka, ka tsy maintsy handray anjara isika. Tanjona, hoy izy, ny handrombahana indray ireo anaram-boninahitra ireo. Raha hiverenana ny mahakasika ilay sazy teo iny dia efa ela no nandresy lahatra ny iraisam-pirenena izahay, hoy ny filohan'ny FSBM, izay nandritra ny herintaona. Nisy namana akaiky nanampy nandresy lahatra ny filohan'ny federaisona iraisan-pirenena. Nandritra ny AGO KOM ihany koa dia nampanantena ny filohan'ny Komity Olympika Malagasy fa hitady vahaolana. Tamin'ny zoma lasa teo iny no azo ny taratasy milaza ny hoe miala ny sazy ho antsika amin'ny sehatra iraisamlpirenena. Midika izany fa malalaka tsara ny JIOI. Efa vonona ny mpilalao, hoy i Amir, ary efa nampanantena fa hanao izay fara-heriny.

*Medaly 8 no hiadivana mandritra izany.*

**Rabenaivo**

Kitra - Barea # Centrafrique

## Rwandais 4 mirahalahy no hitsara ny lalao

*Efa tonga eto hatramin'ny omaly ry zareo Centrafrique.*

Samuel Uwikunda(mpitsara afovoany), Dieudonné Mutuyimana(mpitsara mpanampy1), Justin Karangwa(mpitsara mpanampy faha-2). Ireo no mpitsara Rwandais telo mirahalahy hitsara ny fihaonana eo amin'ny Barean'i Madagasikara sy ny ekipam-pirenena Centrafrique rahampitso etsy amin'ny kianja Barea, tafiditra amin'ny andro fahatelo eo amin'ny fifanintsanan'ny CAN 2023 Côte d'Ivoire. Ruzinda Nsoro no mpitsara faha-4 hanampy azy ireo ary teratany maorisiana kosa no kaomiseran' ny lalao. Tsiahivina fa efa saika tonga eto an-toerana avokoa ny mpilalaon'ny Barea, nantsoin'ny mpanazatra Nicolas Dupuis, ary efa nanao fanazarantena tetsy amin'ny kianja Barea izy ireo. Mahakasika manokana ny ekipam-pirenena Centrafrique kosa, omaly tolakandro no tonga teto Madagasikara ny delegasionany, etsy amin'ny Centrale Hotel no mipetraka izy ireo, izay hita ho manana fahavononana hiatrika ity lalao mandroso ity. Mbola anatin'ny hazakazaka ihany koa izy ireo amin'ity fifanintsanan'ny CAN 2023 ity. Tsiahivina fa samy manana isa 1 isika sy izy ireo. Hiankina tanteraka amin'ny vokatra amin'ity lalao mandroso ity ary indrindra ny lalao miverina hatao atsy Douala Kamerona amin'ny alatsinainy 27 marsa, ny ho tohin'ny fifaninanana ho azy ireto. Taorian'ny andro roa vita izay dia mbola ry zareo Ghana sy Angola no mitarika vonjimaika. Samy manana isa 4 izy ireo, saingy mety hampitsimbadika tanteraka ny filaharana vonjimaika ny vokatry ny fihaonana eo amin'ity lalao mandroso sy miverina ity, izay antenaina hitsiky amintsika.

**Rabenaivo**

Kitra - Fanomanantena

## Lavon'ny Vondrona Midi 4 no ho 2 ny TVM



Ekipan'i Midi, iarahan'ny zokiny sy zandriny.

Tamin'ny isa 4 no ho 2 no nisaharan'ny Vondrona Midi Madagasikara sy ny Tele-Vizionina Malagasy, nandritra ny lalao ara-pirahalahiana sady fihantsiana ary fanomanantena amin'ny "inter-media" ihany koa, nifanaovan'ny ekipa roa tonta, teny amin'ny kianjan' ny Elgeco Plus By-Pass tamin'ny asabotsy lasa teo. Nivoaka nandresy tamin'ity fihaonana ity ny ekipan' Ankorondrano, izay nitarika tamin'ny isa hatrany tamin' ny alalan'i Samson Meyer, nahatafiditra baolina efatra nandresen'ny ekipany. Araka izany dia nanenjika isa hatrany ry Keita sy ry Mamy ary Anjara Faniry, izay nampiasa ny fahaizamanaony hatramin'ny faran' ny lalao mihitsy. Azo lazaina fa nivoaka sempotra ry Rabenaivo sy ry Davis, ary Heriniaina sy ry Mamie, vao nandavo ny ekipan'Anosy, izay efa nanamontsana tamin'ny isa maro ny rahalahiny tao amin'ny TV Plus sy ny UJSM tamin'ny fihaonana nifanaovan'izy ireo. Teo am-pialan-tsasatra dia nisaraka ady sahala 2 no ho 2 ny ekipa roa tonta. Nandritra ny fizaram-potoana faharoa dia voafehin-dry Muray sy ry Tsito ary Zo sy ry Antsa ny lalao teny ambony kianja ka tsy nahatafiditra baolina intsony ny TVM. Mbola hisy ny lalao famerenana hifanaovan'ny TVM sy ny Vondrona Midi, izay hankalaza ny tsingeritaonany faha-40 amin'ny fifaninanana baolina kitra atsy ho atsy.

**aris rafaly**

Rakotoniriana Desiré (Dezy monstre)

## Nosalorana mariboninahitra "Chevalier de l'Ordre National"



**Ny minisitra Andre Haja Resampa nampisalotra ny mariboninahi-pirenena ho an'Itompokolahy Dezy Monstre. (Sary : Princy)**

Talohan'ny nitondrana ny vata-mangatsiakany any Amoron'i Mania dia nosalorana mariboniha-pirenena "chevalier de l'ordre nationale Malagasy" Rakotoniriana Desiré, fantatra amin' ny hoe Dezy Monstre. Tonga tetsy amin'ny Lapan' ny Kolontsaina sy Fanatanjahantena nanatanteraka izany ny Minisitry ny Tanora sy Fanatanjahantena, André Haja Resampa. Noho ny zava-bitany teo amin'ny tontolon'ny fanatanjahantena malagasy, indrindra fa ny taranja baolina kitra tena nahafantarana azy, no nahatonga izao. Tsy nanadino ity kintana fahiny ity ireo mpilalao namany, ka hita teny an-toerana nanome voninahitra farany ity mpiaramilalao aminy ity i Réné kely. Nampahatsiahiviny fa mpilalao tsotra ary tena tsy nanahirana ny niaraka taminy. Somary zandrinay izy, hoy ity mpilalao ity, saingy nahay nifandray tsara tamin'ny namany rehetra. Isan'ny nanahirana ny mpifanandrina taminay mihitsy, hoy i Réné kely, ny "formation" niaraka tamin' izany, nahitana an'i Mena, Bevoavy, Bertrand Anosy be, Fandrata, Soanaivo sy Babazy, Augustin, Doda la haute fianara, Jean Laurent, Claude Francois, izay tena nanana ny maha izy azy tamin'izany. Izahay eto amin'ny Gazetiko dia mirary fionona feno ho an'ny fianakaviany manontolo.

**Rabenaivo**

Basket - Hery Andriatsima

## Hampiakarina sy hampitomboina ny traikefan'ny mpitsara lalao eto amin'ny ligin'Analamanga



**Saro-pady ny asan'ny mpitsara lalao ka tsy maintsy hatsaraina hatrany, hoy izy. (Sary: a.r)**

Nanomboka tamin'ny sabotsy 4 martsa 2023, dia miatrika fiofanana isaky ny faran'ny herinandro (sabotsy – alahady) ny mpitsara lalao amin'ny basket-ball eto anivon'ny Ligin'Analamanga (LRBBA), ka mandritra an'ity volana ity no hanatanterahana an'izany. Araka ny fanamarihana nataon'ny Filohan'ny LRBBA, Atoa Hery Andriatsima, dia hampiakaràna sy hampitomboana ny traikefa efa ananan'ireo mpitsara basket-ball ato anatin'ny faripiadidiany ny tanjona hanaovana ny fanofanana azy ireo. Fanofanana iarahan'ny Ligin'Analamanga miasa amin'ny "*Commission Centrale des Arbitres*" sy ny "*Commission Régionale des Arbitres*", izay mampahafantatra hatrany ny lalàna sy ny fitsipika vaovao mifehy an'ity taranja ity. Mahatratra 40 ny isan'ireo mpitsara miofana ka amin'ity faran'ny volana ity dia hisy ny fanadinana ampanaovina azy ireo, ahazoany maripankasitrahana sy maripahaizana. Momba ny fanadinana hitsapàna ny fahaizamanaon'izy ireo, dia mpanadina manokana no hanatanteraka an'izany.

Ankoatra an'izany dia mbola manentana ny tanora ihany koa ny Filoha Hery Andriatsima, hirotsaka an-tsehatra amin'ny asan'ny mpitsara lalao. Anisan'ny taranja arapanatanjahantena mirobOrobo ny basket-ball eto amintsika. Raha ho an' Analamanga manokana fotsiny dia mitombo hatrany ny isan'ny klioba sy ny mpilalao mandray anjara amin'ny fifaninanana any amin'ireo "Section" mandrafitra ny LRBBA. Ankoatra an'izany dia efa miditra an-tsehatra amin'ny fanomezana aina vao ny taranja ihany koa ny sehatr'asa, toy ny "Oceanis Park", amin'ny alalan'ny Event 'Nao. Nanamboatra kianja vaovao eny amin'ny fokontanin' Ambohidahy, ao anatin'ny kaominina Alakamisy Ambohidratrimo, ity toerampitsangatsanganana ity, hanaovana fifaninanana amin'ny fetin'ny Paska ho avy izao.

**aris rafaly**